



INONA NO ATAO HOE FIR AISAMONIM-PIRENENA ?



FANABEAZANA
OLOM-PIRENENA

**FRIEDRICH
EBERT
STIFTUNG**

INONA NO ATAO HOE FIR AISAMONIM-PIRENENA?

Mpanoratra (rijan-teny amin'ny teny alemà):

Nina Cvetek (Bachelor of Arts, Siansa Sosialy, Oniversite Heinrich-Heine, Düsseldorf)

&

Friedel Daiber (Mpianatra Tantara sy Frantsay, Oniversite Trier)

Mpanatontosa: KMF-CNOE, niaraka tamin'ny Friedrich-Ebert-Stiftung (FES)
Nifarimbona tamin'ny fanoratana :

Antonia Fleischmann (Mpianatra Siansa Politika, Freie Universität Berlin),
Mialy Ranaivoson (Mpianatra Germanistika, Oniversiten' Antananarivo),
Katharina Köller (Mpianatra Siansa Politika, Oniversite Otto Friedrich, Bamberg)

Nandika teny avy amin'ny teny frantsay: Rabary-Andriamananjara Voahanitriniaina

Mpandrindra: Jean-Aimé A. Raveloson

Antananarivo, oktobra 2009

Laza vontoatiny

Teny fampidirana	5
1. Ny nipoiran'ny voambolana «firaismonim-pirenena»	6
2. Inona no atao hoe «firaismonim-pirenena»?	9
3. Ny asa aman'andraikiry ny firaismonim-pirenena	12
4. Vontoatin-kevitra imasoan'ny firaismonim-pirenena	16
5. Endrim-pikambanana ao amin'ny firaismonim-pirenena	17
5.1. Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana	17
5.2. Fikambanana tsotra sy sendikà	19
6. Sehatrasa sy fitaovana entin'ny firaismonim-pirenena miasa	22
7. Ny firaismonim-pirenena eo anivon'ny demokrasia sy ny «governansa mahomby»	24
8. Ny anjara asan'ny firaismonim-pirenena eo amin'ny fizorana mankany amin'ny demokrasia sy ny fampandrosoana	26
9. Ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara	28
9.1. Ny toe-java-misin'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara	28
9.2. Ny olana sedrain'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara	29
9.3. Fanamby hiatrehina ny hoavy	33
10. Mbola lavitra ny lâlana !	35
Boky sy Rohy samihafa	36

Teny fampidirana

Mihamaro ny olon-tsotra mahafantatra ny atao hoe «firaismamonim-pirenena»¹. Tsy ny mpanao politika ihany, fa ny mpampita vaovao sy ny mpiserasera ary ny manam-pahaizana sy mpikaroka ihany koa dia miha-mampiasa matetika io voambolana io, efa ho taona vitsivitsy izao. Raha efa sendra io fiteny hoe «firaismamonim-pirenena» io ianao, dia angamba efa mba mahazoazo ihany izay mety ho tena dikany. Iza avy moa no tena atao hoe «firaismamonim-pirenena», na koa, inona moa no tena fonosin’izy io? Avy aiza no nipoirany ary inona no tanjona tiany hotratrarina amin’ny vaninandrantsika ankehitriny?

Ity kiboky ity dia hiezaka hanampy anao hamaritra sy tena hahatsapa bebe kokoa ny atao hoe «firaismamonim-pirenena». Boky natao indrindra ho an’ny olona mbola manavao izy ity ka ny ambaratonga voalohany amin’ny fanazavana omeny dia famariparitana amin’ny fomba tena tsotra ny hevitra voarakitra ao anatin’ny voambolana. Ho hitanao ato koa ny filazalazana ny tantara nipoirany, ny famaritana ny atao hoe «firaismamonim-pirenena», ny endriky ny fandrindrana ny asa sy ny andraikiry ny firaismamonim-pirenena. Ho famaranana ny vontoatin-dahatsoratra, dia ho resahina ato koa ny fifandraisana misy eo amin’ny firaismamonim-pirenena sy ny demokrasia. Tsy hadino koa ny milaza ny momba ny toerany sy lanjany eo amin’ny firosoana ho amin’ny fampandrosoana sy eo anivon’ny «governansa mahomby». Mbola maro ny lahatsoratra azonao karohina any amin’ny trano famakiam-boky, momba izany rehetra izany. Lahatsoratra momba ny firaismamonim-pirenena eto Madagasikara sy ny olana manokana atrehiny ary ny fanamby mifandraika amin’izany no atolotra anao ao amin’ny tapany farany.

Koa dia mazotoa mamaky hatramin’ny farany!

¹ Misy ihany koa mampiasa voambolana hafa toy ny hoe ; «fiarahanonim-pirenena » na fiaraha-monina sivily.

1. Ny nipoiran'ny voambolana «fraisamonim-pirenena»

Tsy vaovao velively eo amin'ny tantaran'ny olombelona ny hevitra raiketin'ny hoe firaismonim-pirenena (société civile, civil society). Ny niandohany dia teo amin-ndrizareo Grika tamin'ny vaninandro fahagola (Antiquité grecque), izany hoe, mihotra ny 2000 taona talohan'izao vaninandro iainantsika ankehitriny izao.

Ilay filozofy malaza atao hoe Aristote dia nampiasa ny voambolana hoe «koinonía politikè» (Société citoyenne), ary taty aoriana, dia nadika koa tamin'ny teny latina hoe „societas civilis». Ny hoe «koinonía politikè» dia fiombonan'olona izay tsy mameetraka rafitra an-tanan-tohatra eo amin'ny fifandraisan'izy samy mpikambana, hany ka tsy manana izay tena hoe mpitarika izay azony antsoina hoe filoha ny fikambanana; fa ny hita ao kosa dia fiarahan'olona mitovy fomba fijery, izay nantsoina tamin'izany fotoana izany hoe „polis», izany hoe, ny fiarahan'ny mpiray fonenana na ny mpiray firehan-kevitra. Olom-pirenena, lahy, niara-monina ary samy nanana ny hareny no niara-nandinika izay azon'ny rehetra ahitam-bokatsoa, ka niara-niombon'antoka eo anivon'izany fikambanany, ka tsy nitsabatsabahan'ny fanjakana izany.

Aristote (384-324 tal.J.-K.)
dia a sy be mpandray
indrindra. Maro ireo seha-
pianaranana izay naoriny
na fara-faharatansiny nian-
kina be tamin'ny filozofiany
; isan'izany ny teoria
siantifika, ny lojika, ny
fahalalana momba ny
aina sy ny zava-man-
an'aina, ny fizika, ny
etika, ny teoria poetika sy
ny teoria momba ny
Fanjakana.

Izay no fomba fiasa noheverina tamin'izany fa hahombiazana, eo amin'ny fanaovana ny «Tsara». Marihina fa nisy sokajin'olona tao amin'ny fiaraha-monina, toy ny vehivavy, ohatra, na koa ny andevo, izay tsy mba nanana ny anjara toerany teo anivon'izany karazana fiaraha-miombon'antoka izany, ary tsy nizaka izany zo manokana izany. Tamin'izany, dia mbola nenti-nilaza zavatra iray ihany ny teny hoe «fanjakana» sy hoe «fiaraha-monina».

Ny hevitra nahatonga ny fampisarahana ny firaismonim-pirenena ho sehatra manokana tsy hampitoviana amin'ny fanjakana intsony, dia nipoitra teo amin'ny «taonjaton'ny fahazavana» (dia ny taonja-to faha-17 sy faha-18 izany).

Mpanoratra tahaka an-dry John Locke sy i Charles de Montesquieu no isan'ny nahay nampivoatra azy hanaraka ny toetr'andro. Nambara tamin'izany fa fiaraha-monina io, ahitana olombelona miara-miaina anatina fikambanana'olona miara-mizaka ny zo hiray monina sy hanana anjaram-pitenenana eo amin'ny dinidinika rehetra iraisan'ny rehetra. Ireo mpiray monina ireo dia tsy maintsy miaina ao anatin'ny fahalahalhana sy ny fizakan-tena tanteraka; tokony hizaka ny zony ihany koa izy, eo amin'ny fahazoany manorina fikambanana, miaramiasa ary mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra mafonja indrindra eo anivon'ny loabary an-dasy rehetra. Ankoatr'izay, dia adidiny ihany koa ny manao izay hahatomombana ny fiaraha-monina anjakan'ny fifandeferana sy ny fitoviana eo amin'ny saranga samihafa, otronin'ny fampanjakana tanteraka ny lalàn'ny rariny

John Locke (1805-1859)
dia filozofa anglisy nanan-
danja tokoa. Ny filozofi-
any momba ny politika
dia nisy fiamtrikany
mafondra teo amin'ny
nanoratana ny
Fanambaram-
Pizakantenan'i Etazonia,
ny Lalàm-Panorenan'i
Etazonia, ny Lalàm-
panorenan'ny Revolusiona
frantsay ; ary izay ihany
koa no nananany lanjany
manokana teo amin'ny
ankamaroan'ny Lalàm-
Panorenan'ireo fanjakana
liberality.

Tsindrian'ny mpanoratra manokana ny momba ny fizakan-tenan'ny mpiray monina sy ny fikambanana ao aminy. Misy dikany mafonja tokoa mantsy ny fizakan-tenan'ny firaismonim-pirenena, rehefa manava-tena amin'ny fanjakana toy izany izy, fa te-ho sehatra tsy miankina izay afaka hikirakira ihany koa ny momba ny toekarena.

Araka ny hevitr'i John Locke, dia mbola adidin'ny fanjakana ihany koa ny miaro ny zon'ny tsirairay amin'ireo mpiray monina ireo, mba hitovy tokoa izy ireo manoloana ny lalàna velona, ny fahalahahana, ny fierovana ny tenany sy ny fananany. Raha tsy mahatontosa izany andraikiny izany ny fanjakana, dia manana zo hanohitra ny fahefany ny mpiray monina, amin'ny maha-firaismonim-pirenena azy.

Ilay filozofy Charles de Montesquieu kosa dia nahita fa tsy dia ny fanaraha-maso ny fanjakana loatra no tena ilana ny firaismonim-pirenena, fa ny fanelanelanana eo amin'ny mpiray monina sy ny Fanjakana. Araka ny heviny, dia sehatra roa loha no tsy maintsy havahaha tsara, dia ireto avy: ny sehatry ny politika, andaniny, ary ny sehatry ny firaismonim-pirenena, ankilany.

**Charles de Secondat,
Baron de Montesquieu**
(1689-1755) dia mpanoratra sy mpanao fandallana (teorisiana) momba ny Fanjakana frantsay.

Izany akory tsy midika hoe tsy manao politika akory ny firaismonim-pirenena; raha ny tena marina aza, dia adidiny sy andraikiny indrindra ny mampahafantatra bebe kokoa sy ny miaro ny tombontsoan'ny mpiray monina, manoloana ireo ambaratongam-pahefana izay misy eo amin'ny fanjakana.

Ilay filozofy Alexis de Tocqueville indray, taty aoriania, dia namaritra ny firaismonim-pirenena ho toerana ipoiran'ny maha-olompirenena vanona sy ny fomba fanehoany izany, amin'ny alalan'ny fandraisana anjara, ohatra. Aminy ny firaismonim-pirenena dia «Sekolin'ny demokrasia sy ny fahafahana». Izany fotokevitra izany no nahatonga ny firaismonim-pirenena ho zary sehatra politika ho an'ny rehetra, esehatratr'i izay manara-maso sy manakian ny asa ataon'ny fanjakana.

Ilay filozofy Georg Hegel koa dia nanana ny heviny manokana momba ny atao hoe «firaismonim-pirenena ». Io voambolana io araka ny heviny dia maneho sehatra iray mahaleotena, miavaka amin'ny sehatra voajanaharin'ny fianakaviana sy ny sehatra avo-vo kokoa, izay misy ny fanjakana: raha raisina amin'ny maha-olon-tokana azy ny tsirairay avy mpiray monina, dia azo heverina fa eo anivon'ny firaismonim-pirenena izy no afaka mitady tsara izay tombontsoan'ny tenany manokana (ary voalohan-daharana amin'izany ny tombontsoany ara-toekarena); afaka ihany koa izy mitady ala-olana amin'izay adiady mety mitranga, ary mety tsy dia ho sarotra loatra koa, amin'izany, ny mandamina izay raharaha tokony halamina.

**Charles Alexis de
Tocqueville** (1805-1859)
dia mpanoratra lahateny, mpanao politika ary mpanay tantara frantsay. Izy no voalaza ho mpanorina ny taranja «Fampitahana ny siansa politika ». Isan'ny zava-dehibe raikefin'lay boky nalaza indrindra nosoratany, mitondra ny lohateny hoe „Momba ny Demokrasia ao Amerika“, ny fanazavana ny atao hoe demokrasia eo anivon'ny firaismonim-pirenena.

Andraikitry ny firaismonim-pirenena àry, araka izany hoe fandrindrany ny fanehoana sy fikatsahana ny tombontsoan'ny mpiray monina izany, ny mananelana ny olom-pirenena tsirairay amin'ny fanjakana.

Amin'ny teny alemà, dia efa nandritra ny fotoana ela no nampiasana ny voambolana hoe „Zivilgesellschaft” (ara-bakiteny: fiaraha-monina «sivily», izany hoe, fiaraha-monin’olon-tsotra izay midika tanteraka hoe „société des citoyens” (ara-bakiteny: fiombonan’ny olom-pirenena tsirairay) na koa hoe „société citoyenne” (ara-bakiteny: fiombonan’olom-pirenena). Kanefa, na dia azo heverina ho mitovy ihany aza ireo dikan-teny toa samihafa ireo, dia nilaina ihany, taty aoriana, ny nandika ilay teny frantsay hoe «civil» ka natao hoe «civil», tamin’ny teny alemana (izay midika hoe, ara-bakiteny hoe «mikasika ny olon-tsotra»).

Ary dia izay izany vao tena nipetraka mazava, teo amin’ny teny alemà, ilay fomba fandikana sy fandraisana ny voambolana hoe «Zivilgesellschaft» «société civile», izany hoe, fiaraha-monin’olom-pirenena tsotra), araka ny fandraisantsika azy ankehitrio.

Georg Wilhelm Friedrich Hegel (1770 -1831) dia filozofa alemana nikoizana indrindra teo amin'ny firehana antsoina hoe «idéalisme allemand ». Ny zavakendren'ny filozofiany dia ny fitantaranana ny zavamisy, amin'ny fomba henititra (systematika) ary tena tanteraka ka tsy ovao-vaina intsony, mahatsinjo tsara ny hamaroana sy hasamihafan'ny fomba fisehon-javatra ivelany («apparences extérieures », ary dia asongadina koa ao anatin'ny fanazavana omema ny famela-belarana ara-tantara ny andinindininy amin'ireny fisehoana ivelany ireny .

2. Inona no atao hoe «fraisamonim-pirenena» ?

Ny «fraisamonim-pirenena» dia fomba fiteny iray izay zary lamaody, efa ho taona vitsivitsy izao. Marihina fa ireo izay mampiasa azy io dia tsy voatery hitovy fomba famaritana akory. Ary izany toe-javatra izany indrindra no mahasarotra ny fampiasana sy ny fandraisana ny dikan'ny hoe «fraisamonim-pirenena».

Izany no mahatonga an'ity kiboky ity hifantoka amin'ny fanazavana ireo famaritana sy dikan-teny maro aloha, noho izy ireo mety tena hifandaka mihitsy aza indraindray.

Amin'ny ankapobeny, dia azo faritana ho roa miavaka tsara ny hoe «fraisamonim-pirenena»:

Voalohany indrindra, ny fraisamonim-pirenena dia raisina ho sehatra iray eo anivon'ny fiaraha-monina, izay nitranga teo anelanelan'ny sehatry ny fanjakana, ny toekarena ary ny sehatra tsy miankina – na koa hoe: teo anelanelan'ny fanjakana, ny tsena ary ny fianakaviana.

Raha ny vaninandro ankehitriny no resahina, io sehatra io dia raisina ho ivontoerana ampahibemaso ivondronana fikambanana maro tsy dia miankina loatra amin'ny fanjakana, mety ho ampy na tsy ampy fahaiza-mandrindra asa ary samy manana ny fombany manokana anehoany izany fandrindrana izany, toy ny fikambanana fandraisana andraikitra («groupes d'initiative»), ny klioba na ny fikambanana hafa koa.²

Ilaina ny mahatsapa tsara fa fraisamonim-pirenena izay resahintsika dia tsy hoe fikambanana azon'olon-tokana na feo tokana solointena akory, raha ny hevitra samihafa mety hiposaka ao no jerena sy tiana hohajaina.

Manaraka izany koa, dia tsy hoe fitambaramben'olom-pirenena mandeha samirery, maneho ho azy samirery ny tombontsoan'izy samirery koa io. Fa ny olona ao anatiny dia mifidy malalaka ny hivondrona ka hifanerasera sy hifanakalo hevitra ary hiara-hientana, hiroso amin'izay zava-kendrena efa nifanarahana mialoha fa hiaraha-manao ; am-pahalahalhana izany no hihaonany, arakaraky ny zava-mahaliana azy na ny fahafaham-po tadiaviny, eo amin'ny lafiny maha-olona na eo amin'ny lafin'ny asa sy fitadiavana, eny anivona klioba, fikambanana sy/na hetsiky ny mpiara-monina.

Ny fepetra tsy maintsy toavina, raha te-hangana fraisamonim-pirenena mirindra, dia ny fiantohana sy fiarovana ny fahalahalan'ny tsirairay sy ny fahalahalan'ny mpiray fikambanana (toy ny fiarovana ny zo hiara-hivory, ohatra, sy ny zo hanorina fikambanana). Izay mantsy no hany hahafahana miaro ny tombontsoa.

Ny ivon'ny fiaraha-monina izay isehoan'izany rehetra izany no antsoina hoe «fraisamonim-pirenena», izay resahintsika izao indrindra.

Amin'ny ankapobeny, ny fikambanana voarindra ao anatin'ny fraisamonim-pirenena dia mahaleotena, tsy miankina amina volam-panjakana na amin'izay fikambanana hafa misahana ny toekarena. Hafa noho ireto voalaza farany izy, satria tsy mba mikendry izay hakana tombony eo amin'ny asa ataony.

Ny ivontoerana iasany dia izay ankoatry ny sehatra voatokana hikarakarana ny tena sy ny fianakavian'ny tena ; miezaka ny hanaitaitra foana ny fiaraha-monina izy, sady hampanaja

²Jereo: <http://www.whywar.at/zivilgesellschaft> [Date: 14.11.2008]. (Momba ny Firaismonim-pirenena)

mandrakariva ny maha-olombelona sy ny maha-olom-banona ny tsirairay eo anivon'ny fiara-ha-monina.

Mivoitra tsara ny fisian'ny firaismamonim-pirenena toy izany, rehefa apetraka eo am-pelatà-nan'ny olona tena voakasiky ny raharaha ny fanapahan-kevitra momba izany raharaha izany. Ny zava-kinendry voafaritra hokarakaraina dia tsy maintsy mikasika ny raharaha-bahoaka («res publica» na «la chose publique »).

Noho izany, ny mpiara-miombon'antoka ao amin'ny firaismamonim-pirenena dia miaina tanteraka ao amin'ny tontolon'ny politika, saingy tsy «mitady sezà» amin'ny fanjakana, satria tiany sy ilainy ny mijanona lalandava ho mahaleotena.

Araka izany koa, ny vondron'olona izay mitady ny tombontsoany manokana fotsiny ihany (ho an'ny fianakaviani, orinasany manokana, etc.) dia tsy ao anatin'ny firaismamonim-pirene-na ; toy izany koa ny antoko politika, ny parlemanta na ny sehatra fiandraiketan-draharaham-panjakana.» (Arenhövel, 2000)

Faharoa manaraka izany, ny hoe „firaismamonim-pirenena «dia midika koa hoe "fivoaran'ny fiaraha-monina", izay mbola azo bangoina ihany koa amin'ny voambolana hoe «fizorana ho amin'ny demokrasia» (démocratisation). Eo amin'izay sehatra izay ihany, ny fitenenana hoe „société de citoyens“ (fiombonan'olom-pirenena tsotra) dia mbola matetika ampiasaina amin'izay dikany izay ihany koa.

Matetika, ny fitenenana hoe «société civile» (izay antsointsika Malagasy ankehitriny hoe «firaismamonim-pirenena ») dia karazana antso politika ihany, ho fitakiana demokrasia bebe kokoa. Mbola hiverenantsika amin'ny antsipirihany ihany, ao aloha ao, ny momba ny fifandraisany teny hoe „firaismamonim-pirenena sy ny hoe «demokrasia».

Raha nanaraka tsara ny fanazavana mitantara ny nipoiran'ny voambolana sy ny famaritana ankapobeny ny firaismamonim-pirenena ianao, dia inona fa efa fantatrao amin'ny ambangovangony aloha izao ny tena dikan'ny hoe «firaismamonim-pirenena».

Handeha àry hobangoina tsotsotra izay voalaza hatreto:

Ny firaismamonim-pirenena dia:

- sehatra iraisan'ny mponina eo anivon'ny fiaraha-monina ;
- sehatra iray eo anelanelan'ny fanjakana, ny tsena ary ny fianakaviana;
- tsy manondro, NA vondron'olona mitovy hevitra sy toe-tsaina tanteraka, NA fitambaramben'olom-pirenena mandeha mitsitokantokana;
- manondro fiombonan'olom-pirenena tsotra arakaraky ny zavatra mahaliana azy avy, izay mitsinjo ny fahaizany mifanakalo (hevitra, traikefa, fahaizana, fahaizamanao, fahaiza-miasa, fahaiza-miaina, etc.) ary mikendry zavatra iraisana sy iarahamanao.

Ny fikambanana ao anatin'ny firaismamonim-pirenena dia:

- mahaleotena manoloana ny fanjakana sy ny sehatry ny toekarena
- manao asa tsy itadiavany tombony;
- Manaitra sy misintona ny tsirairay mba hiaro ny tombontsoany;
- miasa ho an'ny raharaha-bahoaka, arakaraky ny zava-kinendry efa nofaritany;
- tsy «mitady sez» ao amin'ny fanjakana, fa mandala kosa ny fandraisany anjara eo amin'ny lafiny politika amin'ny fomba tsy miankina.

Hazava bebe kokoa aminao izany rehetra izany raha tohizanao ny famakiana ny fizarana manaraka!

3. Ny asa aman'andraikitrty ny firaismonim-pirenena

Hita anaty boky isan-karazany ny fitanisana ny andraikitra isan-karazany sahanin'ny firaismonim-pirenena. Izay mafonja indrindra amin'ireo no hotazonintsika hodinihina ao amin'ny tohin'ity lahatsoratra ity. Rehefa avy namaky ny tantara nipoiran'ity voambolana hoe «firaismonim-pirenena» ity ianao, dia angamba ho tsapanao fa misy amin'ireo andraikitra ireo izay efa tsy vaovao amino intsony, satria efa hita sy fantatry ny manam-pahaizana mpandalina tany aloha ela be tany izy ireo.

Raha tsorina, dia azo lazaina ho miisa fito ny andraikitra mafonja indrindra iantsorohan'ny firaismonim-pirenena:

3.1. Asa fiarovana

Ny firaismonim-pirenena dia manana adidy hiaro ny fahalalahana'ny olom-pirenena tsirairay, sady hiaro azy amin'ny didikofehilehibe atao'nny fanjakana. Isan'izany ny fiarovana ny mpiry monina, manoloana ny fitsabatsabahan'ny fanjakana amin'ny raharaha manokana mikasika ny tena manokana: izany no natao, dia ny mba hananan'ny tsirairay avy fahatokisana fa misy tokoa, ary omena ny tsirairay, ny zo hanana ivoerana an'ny tena manokana, tsy tsabatsabahan'ny fanjakana. Dia tahaka izany ihany koa: misy tokoa, ary omena ny mpiara-monina, ny zo hanana ivoerana tsy tsabatsabahan'ny fanjakana, handalany ny fiaraha-monina amin'ny hafa. Araka izany ary, ny fikambanana ao anatin'ny firaismonim-pirenena, ohatra, dia mikarakara ny fanarahamaso ny tetikasa politika, izay misahana ny fanamafisana orina tsara ny zo fototry ny olom-pirenena tsirairay avy. Ka raha sanatria misy fandikana ny lalana mifehy izany zo fototra izany, dia anjaran'ireo fikambanana ao anatin'ny firaismonim-pirenena no mampibaribary amin'ny olom-pirenena ny zava-mitrange, ary mandray ny fepetra ilaina rehetra hanoherana izany trangan-javatra maneho fandikan-dalana an-kitsindrano izany. Ny fiarovana ny sokajin'ny vitsy an'isa sy ny zon'izy ireo dia tafiditra tokoa ao anatin'izany andraikitra izany.

3.2. Asa fanamarinana sy fanaraha-maso

Ity andraikitra iray ity, mazàna, dia antsoina koa hoe «fanamafisana orina ny fahalalahana, miaina-
ga amin'ny famaritana ny zavatra tsy azo omena na tsy azo atao» Izy io dia tena miankin-doha
tokoa amin'ny andraikitra fiarovana, satria mikasika ny fandinihana sy fanaraha-maso ny fahe-
fana politika.

Isan'ny asa fototra ao anatin'izany andraikitra fanaraha-maso izany, ohatra, ny fanaraha-maso ny
fifidianana, mba hizotra tsara izany, ao anatin'ny fandalana ny zon'ny tsirairay, sy ny fanajana
tanteraka ny lalana mifehy ny demokrasia.

Raha miresaka izany fanaraha-maso ny fifidianana izany, dia misy ohatra azo tsapain-tànana
tsara eto Madagasikara, amin'ny asa sy fomba fiasan'ny fikambanana KMF/CNOE (Komity
Mpanara-maso ny Fifidianana/Comité National d'Observation des Elections).

3.3. Mampanjary ny fandraisan'ny mpiray monina anjara amin'ny fahalavorarian'ny fizotran'ny fainam-bahoaka

Izany andraikitra izany dia mahakasika ny fampianarana sy famporisihana ny olom-pirenena tsirairay avy ho tia ny fiaraha-monina sy ny firaisa-monina, ka hiaina sy handala izany amin'ny fomba demokratika.

Midika koa izany fa tsy maintsy atao tena raitra ny fananana kolotsaina politika.

Izany hoe, ilaina ny mitarika ny maro hifantoka amin'ny raharaha politika : ilaina àry ny misintona azy ho tia sy ho afaka handray anjara feno amin'ny trangan-javatra politika.

Dia mbola azo amafisina, tahaka ny efa voalazan'i Tocqueville ihany, fa azo raisina ho toy ny sehatra fianarana ny demokrasia ny firaismonim-pirenena.

Koa raha hiresaka momba ny fanamafisana orina ny demokrasia isika, dia io seha-pampianarana io no azo ampiasaina koa hanivanana olomanga demokratty, hatokana hiasa any amin'ny sehanjakana rehetra mpanapa-kevitra.

Azo raisina ho ohatra amin'ny andraikitra fampandraisana anjara ny mpiray monina, araka izany, ny asa ataon'ny solontenan'ny sehatra sivily eo amin'ny fanoratana ny tetikasa famorona na fanamboaran-dalana, na koa ny fepetra isan-karazany sy ny didy samihafa.

3.4. Manamora sy manamaivana ny asan'ny fanjakana

Sehatra sy sehon-javatra maro no ahafahan'ny firaismonim-pirenena manampy, ka manamora ho maivamaivana kokoa, ny asan'ny fanjakana sy ny fitondram-panjakana ary ny tontolo politika.

Eo amin'ny lafiny iray, dia tsapa tokoa ny endrik'izany fanampian'ny firaismonim-pirenena izany, eo amin'ny lafiny ara-bola : ny asa an-tsitrano ataon'ny olom-pirenena amin'izany mantsy dia tsy andraisany karama, mazâna. Midika izany fa misy fanamorana ny asan' ny fanjakana, izay hampitombo tokoa ny fahaizany sy ny fahafahany mitsitsy vola sy fotoana ary fitaovana, sns. («efficiency »).

Etsy andaniny koa ny fiaraha-monintsika ankehitriny dia miatrika olana goavana sady saro-bahana, satria mihoatra ny sehatra azon'ny fanjakana iray sahanina ny famahana ny olana,

Ny atao hoe **kolotsaina politika**, dia ny fananan'ny mpandinika iray fahaizana maneheo izay **votoatin-kevitra** sy fomba fiery rehetra ahafahan

mamaly ny fanontaniana tsy maintsy apetrany, manoloana ny olana sy zava-mitrange hitany sy/na tsapany

eo amin'ny sehatra politika. (Ary **ampiasan'**ilay mpandinika lafin-javatra maromaro izany fomba familiary fanontaniana izany, dia : ny **fombany manokana** entiny mandrantsa **fahalalana**, ny fomba fahatsapany sy fane-hoany **fihetsaham-po**, ary koa ny fomba **fitsarany** olona na trangan-javatra).

Marihina fa voakasik'izany **indrindra**

ny votoatin-kevitra sy fomba fiery rehetra entin'ilay mpandinika manazava
ny **momba ny firafitra sy fandaminana ankapobe** ary ny **firaha-mandrindra asa manavaka ny «systema politikan** iray eo anivon'ny fiaraha-monina iray.

izay «olana goavambe» («mégaproblèmes»). Lafiny maro no tsy maintsy atrehina, amin’ireo karazana olana ireo. Mahakasika ny fanatontoloana izy ireny, ohatra, na koa olana momba ny tontolo iainana, izay mihalalina andro aman’alina.

Eto dia hita fa mihoatra ny sehatry ny fianakaviana ny andraikitra sahanin’ny firaismonim-pirenena eo amin’ny fiaraha-monina: mbola tsy misy mihitsy mantsy – na misy, saingy tsy ampy - ny fandraisana an-tànana ireny olana ireny avy amin’ireo vondrona misolotena ny mpiara-miombon’antoka efa nitsangana hatramin’izay ; ary na dia ny tsena, na ny fanjakana aza moa dia tsy manana vahaolana mahomby ihany koa, momba izany. Ny ohatra azo raisina ho asan’ny firaismonim-pirenena manoloana izany toe-javatra izany, dia ny fitsanganan’ny fikambanana fifanampiana (ara-bola aza indraindray), izay mihamaro dia maro tokoa. Mazàna, dia saro-bahana tokoa ny olana mianjady amin’ny mpikambana ao amin’ireny karazana fikambanana vaovao ireny; tampi-dàlan-kaleha, very fanahy mbola velona, azon’ny famoizam-po fa miady saina sady miady irery, toa vato boribory narian’ny havana rehetra: izany no azo amintinana ny fahatsapan’ireo mpikambana ireo ny tenany.

Manoloana ny karazana olana manokan’olon-tokana toy ireny, dia ny fikambanana misy azy sisà no zary solon’ny fianakaviana, sady solon’ny fanjakana izay miraviravy tànana fa tsy afa-manoatra.

3.5. Manao izay hahalavorary ny fanehoan-kevity ny mpiray monina

Ny firaismonim-pirenena koa dia afaka manampy eo amin’ny fanokafana lâlana tena mahomby, eo amin’ny famoahana sy fanangonana ary fanehoana soatoavina iombonana na fiaraha-miombon’antoka ivelan’ny antoko politika sy ny antenimierampirenena. Raisin’ny firaismonim-pirenena an-tànana ireny olana manana endrika manokana mianjady amin’olon-tokana na amin’ny fiaraha-monina ireny, ka entiny eo anatrehan’ny loabary andasin’ny mpanao politika.

Manao asa fanelanelanana eo amin’ny olom-pirenena sy ny fanjakana ny firaismonim-pirenena. Ny andraikitra raisin’ny olom-pirenena dia azo lazaina ho ohatra iray izay mampiseho fa mandray fitenenana ny firaismonim-pirenena, mba hisoloany tena ny vondron’olona tsy afaka hanao izany.

Rehefa mety ho olom-pirenena, na lahy, na vavy, dia afaka manatona fikambanana ao anatin’ny firaismonim-pirenena, ary miresaka olana izay tena niainany ; ka afaka miara-man-drindra asa ao izy, ahafahana manao hetsika tsy misy hatak’andro, tsy ilana fanelanelanana intsony avy amina antoko politika na fikambanana hafa, raha vao hita fa tsy azo ekena ary mety hampitondra faisana olom-pirenena iray na fiaraha-monina iray ny toe-javatra misy.

Ny fandraisan’andraikitry ny olom-pirenena, mazàna, dia miseho amin’ny karazan-trangan-javatra toy ny hoe fanitarana seranam-piaramanidina, ohatra (mba hiarovana ny tontolo iainana na koa tsy hisian’ny feon-draopilanina diso mitabataba loatra) ; ohatra hafa azo raisina ihany koa ny fitaterana fako atomika.

3.6. Mampanjary ny firosoana mankany amin'ny demokrasia

Na dia mbola hisy toko iray manontolo aza, aoriana kely ao, hiresahana fotsiny ity andraikiry ny firaismonim-pirenena ity, dia tsy maintsy asian-teny kely ihany izy eto, mba ho feno tanteraka ny lisitra natao. Mahakasika ny anjara asa sy toeran'ny firaismonim-pirenena eo amin'ny fomba iforongan'ny hevi-bahoaka sy ny hetahetam-bahoaka izy ity. Manana andraikitra mafonja eo amin'ny firosoana ho amin'ny demokrasia ny firaismonim-pirenena, indrindra eny amin'ny sehatra ifotony. Any amin'ny firenena vao miana-mandeha mankany amin'ny demokrasia, dia mazàna miankina amin'ny fivoaran'ny demokrasia eny amin'ny sehatra nasionaly ity andraikitra iray ity. Eto dia mbola azo raisina ho ohatra tsara ihany koa ny hetsika manokana ho fandraisan'andraikitra, izay ataon'ny olom-pirenena: mazàna dia misy fotoana fampahalalam-baovao arindra, mba hampahafantarana ny vahoaka toe-javatra na trangan-javatra iray. Ireny hetsika ireny dia manampy, amin'ny lèlana sy fomba iforongan'ny hevi-bahoaka sy hetahetam-bahoaka. Fa misy ihany koa anefa ny vondrona (ifotony) izay naorina mba hanokatra sehatra hanaovana adihevitra mitohitohy (isan-kerinandro, ohatra, na isambolana): mpikambana ao amin'ny firaismonim-pirenena indray izy ireny, ary manao asa mahefa sy mahomby ho fanampiana amin'ny fikarohana izay lèlana sy fomba mahomby iforongan'ny hevi-bahoaka sy hetahetam-bahoaka.

3.7. Miandraikitra ny fandravonana (sy fampsaharana) ny ady eo amin'ny fiaraha-monina

Noho ny fifampianinan'ny asa eny anivon'ny fikambanana ary mba hanohanana ny hetsika manokan'ny olom-pirenena sasantsasany na firehan-kevitra hafa isan-karazany, dia azon'ny firaismonim-pirenena atao tsara ny manaiky mandray olom-pirenena, izay te-hiditra ho mpikambana ao amina vondrona maromaro izay samy ao anatin'ny firaismonim-pirenena.

Izany fidirana ho mpikambana anatina vondrona maro isan-karazany izany dia azo ampiasaina ho fomba iray hampifandraisana sy hampifanatonana ireo fotokevitra mpifahavaloo, izay zary raiki-tampisaka eo amin'ny samy mpiray monina, satria efa iainana lava eo amin'ny fiaraha-monina andavanandro: paika mety hahomby izany, ary tena ezaka amin'ny fandravonana ady izay mpitranga eo amin'ny fiaraha-monina.

Ankoatr'izay, dia mbola azo raisina ho vokatsoa fanampiny ihany koa ho an'ny vondrona isan-karazany ao anatin'ny firaismonim-pirenena, ny iforongan'ny firaisan-kina sy ny famanafisana ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny mpiara-monina, satria mikatsaka fahombi-azana ny rehetra eo amin'ny ezaka iarohana, hahatrarana ny tanjona iombonana.

4. Vontoatin-kevitra imasoan'ny firaismonim-pirenena

Sarotra avahana sy faritana mazava tsara ny vontoatin-kevitra imasoan'ny firaismonim-pirenena. Voalohany aloha, dia tsy misy, raha ny marina, vontoatin-kevitra izay tsy azo entina hodinihina sy hiadian-kevitra ampahibemaso ary hatao fototra iorenan'ny hetsik'ireo vondron'ny firaismonim-pirenena, rehefa hitany fa ilaina tokoa izany.

Mety ho vontoatin-kevitra mifandraika amin'ny fanatontoloana izany, toy ny olana misy eo amin'ny tontolo iainana, na ny momba ny toekarena kapitalista eran-tany; kaneфа koa dia mety ho vontoatin-kevitra tsy dia malalaka toy izany : ohatra, ny anjara asa sy anjara toeran'ny vehivavy, na ny herisetra ara-nofo ao anatin'ny tokantrano, na ny fampijalijaliana ny sembana ara-tsaina eo amin'ny fiaianana andavanandro.

Efa voalazantsika fa na ny klioba madinidinika, na ny fikambanana tsotra aza, dia efa isan'ny vondrona ao anatin'ny firaismonim-pirenena ; noho izany, sehatra toy ny fanatanjahan-tena sy ny fampiasana talenta isan-karazany izany dia azo andraisina tsara vontoatin-kevitra ane-hoana fandraisana andraikitra hanatsarana ny fiaraha-monina na ny firaisa-monina.

Tafiditra ao anatin'ny asan'ny firaismonim-pirenena daholo araka izany ny fanontaniana sy ny zava-mahaliana ary ny vontoatin-kevitra rehetra izay mahakasika ny olombelona tsirairay sy ny vondron'olona ao anatin'ny fiaraha-monina. Ireto voalaza farany moa, araka izany, dia efa tafiditra rahateo ao anatin'ny dinidinika sy adihevitra fanao ampahibemaso, satria ireo olona sy vondron'olona ireo izany no efa solontenan'ny vondron'ny firaismonim-pirenena; noho izany, dia mahakasika sy ilana ny hevi-bahoaka ny fotokevitra ijoroany, ka azo entina hiadian-kevitra ampahibemaso ary angamba koa aza, dia mba mety hiafara amin'ny faneken'ny vahoaka azy.

5. Endrim-pikambanana ao amin'ny firaismamonim-pirene-na

Maro isan-karazany ny endriky ny fiaraha-mandrindra ny asa eo anivon'ny firaismamonim-pirenena. Ny toetoetra iraisany dia ny fizakan-tena, ny fahaizana mifehy tena, ny filatsahana an-tsitrano sy ny firaisan-kina, ary koa ny soatoavina demokratika fototra isan-karazany (fahalahahana eo amin'ny fijoroana amin'ny hevity ny tena, fahalahahana hanao favoriana, sns.) : ireo mantsy no ekena ho fototra iorenan'ny fandrindrana ny asan'ny fikambanana. Ireto avy ny endrika fahita, andrindrana ny asa ao anatin'ny firaismamonim-pirenena : ny klioba na ny fikambanana tsotra, ny sendikà, ny hetsika manokana fandraisan'andraikirity ny olom-pirenena tsotra, ny vondrona fifanampiana sy farimbona, ary ny «fikambanana mpanao asa tsy itadiavana tombony» («Non-Profit Organisations ») sy ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» («Organisations Non-Gouvernementales »).

Ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» dia manana ny anjara toerany manokana, eo anivon'ireo endrika fandrindrana asa ireo ; any anaty boky, dia mazàna lazaina ho „Moteran'ny firaismamonim-pirenena» izy ireo. Izay no mahatonga antsika hanisy toko iray manokana hiresahana ity karazana fikambanana ity, ato amin'ity bokintsika ity.

5.1. Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana

Inona ary no tena mampiavaka an'ity endrika firaismamonim-pirenena ity ? Ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana dia mamaritra ny tenany ho „fiombonana an-tsitrano, tsy miankina, mahaleotena manoloana ny fanjakana, na ny antoko politika na ny vondrona eo amin'ny sehatry ny toekarena ; tsy ny fikatsahana ny «tombontsoa manokan'ny mpikambana ao aminy» anefa no mamehy ny fikambanana, fa ny tanjona tena tiany hotratrarina dia ny hikarakarana fiaraha-miombon'antoka sosialy sy politika izay tsy misy mandray an-tanana, ka tiany horesahina sy harovana.» Ankoatr'izay, dia tsy manao asa hahazoany tombony akory ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana. Tsy midika akory izany hoe tsy mandray vola ny olona miasa ho an'ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ». Marina fa ny ankabeazan'ny mpikambana dia mpilatsaka an-tsitrano sy mpikambana am-boninahitra ihany, fa raha ny mpitarika kosa, mazàna, dia onerana ihany ny vola laniny amin'ny asan'ny fikambanana.

Ny Fikambanana mpanao asa tsy itadiavana tombony («organisations à but non lucratif ») dia ireo fikambanana izay manana rafitra mijoro ara-dalàna, tsy miankina amin'ny Fanjakana eo amin'ny lafin'ny fandrindrana asa, ary tsy mitady tombony ; fitantanana mahazaka-tena sy fahalahahana tanteraka eo amin'ny fomba fanorenana ny fikambanana : izany no isan'ny toetra mamaritra azy ireny manokana.

Ireto, ohatra, misy «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana », izay miasa eo amin'ny sehatra maneran-tany, ary fanta-bahoaka tokoa: Amnesty International, fikambanana izay mandray andraikitra maneran-tany eo amin'ny fiarovana ny zon'olombelona ; Greenpeace,

Eva Kreisky, in: Im selben Boot? NGOs und WissenschaftlerInnen. Adresse sur Internet:
<http://www.univie.ac.at/ie/alte/Tagung/prozess2001/tagung/Vortraege/Im-selben-Boot.htm> [Date: 14.11.2008]. (Lohatenin-dahatsoratra: Iray sambo isika ? Ny fikambanana tsy miankina sy ny mpahay siansa)

izay nifidy ny fiarovana ny tontolo iainana ho tanjona tena imasoany. 'Brot für die Welt – Du Pain pour le Monde – Mofo ho an'izao Tontolo izao', ohatra, dia iray amin'ireo fikambanana alemà tsy miankina amin'ny fanjakana, be mpahafantatra koa. Ary ireto manaraka ireto dia fikambanana malagasy tsy miankina amin'ny fanjakana: ny fikambanana 'Làlana', izay misahana manokana ny fampivoarana ny lâlana sy ny fitaterana, ary ny 'Fikrifama', izay misahana ny famatsiana rano fisotro madio.

Ny maha-samihafa ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» amin'ny endrim-pikambanana hafa eo anivon'ny firaismamonim-pirenena, toy ny klioba sy ny sendikà, ohatra, dia ny asan'ireto voatanisa farany ireto, izay miaro ny tombontsoan'ny mpikambana ao aminy manoloana ny olona sy ny sehatra hafa ety ivelany; ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» kosa dia mandray an-tànana ny sehatra sy votoatin-kevitra izay tsy misy mpiaro na mpiantoka na mpikarakara manokana, kanefa, rehefa tena zohina, dia mahakasika ny fiaraha-monina iray manontolo izy ireny, na fara-faharatsiny, mahakasika vondron'olona marobe eo amin'ny fiaraha-monina, izay matetika tsy misy mpikarakara, koa dia tsy maintsy raisina an-tànana.

Ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» izany, dia miantsoroka ireny olana ireny, ary misolovava sy misolotena ireny vondron'olona ireny, eo amin'ny adihevitra ampahibemaso mikasika azy, noho izy ireo sarotra alahatra, ohatra, na koa tsy mahay miaro irery ny tombontsoany ; noho izy ireo ailiky ny fiaraha-monina koa, na tsy raharahaingy, na koa ampijalijaliany. Izay no mahatonga ny asa ilaina amin'izany ho asa fisoloana vava («plaidoyer»); ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» tokoa mantsy izany no azo atao hoe mpisolovavan'ny sokajin'olona mahantra na sahirana (mandritra ny fotoana tsy maharitra na maharitra) ary miteny amin'ny anaran'ireny izy.

Maro ireo «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» no miasa eo amin'ny sehatry ny fiaraha-miasa ho amin'ny fampandrosoana. Izay no mahatonga azy antsoina hoe «fon'ny firaismamonim-pirenena», matetika.

Tamin'ny taonjato faha-18 sy faha-19, tany Grande-Bretagne, noefa niorina ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» voalohany indrindra; ny ankabeazany dia niasa ho an'ny fanafoanana ny fanandevozana. Araka ny tombatomban'ny ONU, dia mihoatra ny 50.000 izao ny isan'ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana». Ny sehatra iasan'izy ireny dia ny fampandrosoana, ny tontolo iainana, ny fahasalamana, ny fandrindram-piterahana, ny zon'olombelona, ny zon'ny vehivavy sy ny zon'ny olom-pirenena, ny fampanjakana ny fandriam-pahalemana, eo amin'ny seha-pirenena sy iraisam-pirenena.

Raha ny mikasika ny endriky ny fandrindrana asa ao amin'ny sokajin'ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» no resahina, dia matetika, mpikambana manan-tsafidy malala-ka eo amin'ny fotokevitra ijoroany no hita ao. Manaraka izany, dia misy ny asa fampandrosoana fivavahana isan-karazany, toy ny „Kolpingwerk», ohatra, ary ny «fondations politiques» izay akaikina antoko politika, toy ny «Friedrich-Ebert-Stiftung».

Isan'ny mampiavaka ihany koa ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» sy ny vondrona ao amin'ny firaismamonim-pirenena, dia izy ireny manana solotena eny amin'ny sehatra iraisam-pirenena, sady miasa any amina firenena maro ; eken'ny fitondram-panjakana nasionaly sy iraisam-pirenena, ary koa ny fikambanambe ofisialy toy ny ONU ho mpanolotsaina izy ireny. Koa dia manan-tsafidy malalaka tokoa izy ireny, eo amin'ny sehatra tiany hidirana sy ny fomba fiasany.

5.2. Fikambanana tsotra sy sendikà

Ankoatra ny «fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana », dia misy «fikambanana tsotra» ihany koa mpikambana tanteraka ao anatin’ny firaismonim-pirenena. Raha bangoina ankapobeny, ireo fikambanana tsotra ireo dia mamaritra ny tenany ho «fiombonana malala-ka azo idiran’izay olona te-hilatsaka an-tsitrano, hanao asa izay mikatsaka lalandava ny hahatrana tanjona niaraha-namaritra mialoha» ; matetika, ireo tanjona ireo dia mikasika ny fanatsarana ny fainam-bahoaka, mikasika ny fivavahana, na ny famokarana siantifika sy kolotoraly. Manaraka izany, amin’ny maha-mpanelanelana azy eo amin’ny fiaraha-monina – na koa ny olom-pirenena tsirairay - sy ny fanjakana, ireo olona ireo dia mandray andraikitra mafonja iray izay anjaran’ny firaismonim-pirenena, dia ny fandravonana ny tombontsoan’ireo tsirairay avy izany. Toy ny amin’ny fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana ihany, dia tsy manao asa itadiavany tombony koa ny fikambanana tsotra. Marina fa ny ankabetsahan’ny asa efainy dia tanterahina mpikambana nilatsaka an-tsitrano; kanefa dia azo heverina, mazàna, fa rehefa ela ny ela, dia mandray tambiny amin’ny asa vitany ihany ireo mpikambana ireo. Ny sehatra iasan’ny fikambanana tsotra dia mety ho voafetra ho firenenen iray, na koa ho amin’ny iraisam-pirenena, na eny amin’ny vondrona itambaran’ny firenenen vitsivitsy, na koa eny amin’ny vondrona ifotony ao anatina firenena iray ihany. Fa eo amin’ireo lafiny roa voalaza farany ireo no mazàna iantefan’ny asan’ny fikambanana tsotra.

Azontsika aravona ho sokajy dimy izany ny endrika manokana mamaritra ny atao hoe «fikambanana tsotra », na dia samihafa aza ny fomba filaza azy, arakarak’ilay fikambanana.

- 1) Firafitra mazava sy ara-dalàna : amin’ny maha-vondron’olona azy, dia tsy maintsy mipetraka mazava ihany ny firafitry ny fikambanana tsotra.
 - 2) Tsy misy fizarana tombony : Tsy tafiditra velively anatin’ny tanjona apetraky ny fikambanana ny fitadiavana tombony.
 - 3) Fahaleovantena : ny fikambanana tsotra dia mahaleotena manoloana ny fanjakana sy izay mety ho ambaratongam-pahefana misy, ary maneho izany fahaleovantenany izany.
 - 4) Tsy fikatsahana tombontsoa manokana ho an’ny tena : ny fikambanana tsotra dia tsy mahazo mihevitra izay tombontsoa manokan’ny mpikambana tsirairay, ary tsy mahazo manao ny asany ho fitadiavana ny tombontsoany manokana ny tsirairay.
 - 5) Fiainam-bahoaka sy tombontsoam-bahoaka: ny fikambanana tsotra dia tsy miasa ho an’ny sarambabem-bahoaka ary mitandrina mandrakariva, mba hahitan’ny vahoaka vakatsoa ny asany.
- Azo raisintsika ho ohatra eto Madagasikara izao ny «Friedrich-Ebert-Stiftung». Na dia manana ny fomba fiasan’ny «Fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana» aza mantsy izy (ONG), dia mijoro ho «fikambanana tsotra», raha ny rafitra eo amin’ny ara-dalàna no

tenenina; ary fanolorana fampianarana politika ho an'ny olom-pirenena no anisan'ny fomba fanefany ny andraikiny amin'ny maha-firaismonim-pirenena azy. Eo amin'ny lafiny iraisam-pirenena, dia misy indray, ohatra, ny fikambanana «Médecins sans frontières» (Mpitsabo eran-tany) izay mirafitra ara-dalàna ho «fikambanana tsotra» ary manana solotena ao amina firenena miisa 19. «Médecins sans frontières» (Mpitsabo eran-tany) dia manao ny asa maha-firaismonim-pirenena azy, amin'ny fidirana an-tsehatra amin'ny fanaraha-maso sy fandraisana andraikitra eny an-toerana, amin'ny tany misy korontana na ady, ka ilana mpitsabo haingana. Amin'izany fandraisana andraikitra izany no anatanterahany ihany koa ny asany maha-«mpisoloava ny olona mahantre na latsaka an-katerena» azy.

Ny «fikambanana tsotra» dia mety misahana karazana andraikitra maro, na fanatanjahan-tena izany, na fanampiana ho amin'ny fampandrosoana, na koa fiarovana ny tontolo iainana, sy ny hafa tsy voatanisa. Noho izany izy dia afaka miantsoroka karazan'asa samihafa tokoa. Amin'ny alalan'ny asa ataony no iarovany ny tombontsoa iraisan'ny mpikambana ao aminy, ary tafiditra indrindra anisan'izany moa ny fanampiana ho amin'ny fampandrosoana.

Ny «fikambanana tsotra» voalohany dia niorina tamin'ny taonjato faha-17 sy faha-18, teo ambanin'ny fiahian'ny fikambanana mpanao fikarohana momba ny teny na ny fikambanana mpandala ny soatoavina nentin'ny «vaninandron'ny fahazavana». Ny tanjona notratrariny dia ny fikolokoloana ny fampitana fahalalana sy fahaizana ary ny kolotsaina. Rehefa nandroso ny fomba famokarana amin'ny alalan'ny indostria, dia nivoatra fatratra koa ny toetoetra sy votoatin-kevitry ny fikambanana tsotra, ka dia nizotra tsara ny fampivelarana ny fiainam-bahoaka sy ny fampanjakana ny tombontsoa iombonan'ny rehetra (fa tsy tombontsoan'olon-tokana). Ao Alemania fotsiny, amin'izao fotoana izao, dia efa misy ho 535 000 ny isan'ny «fikambanana tsotra». Ny Vondrona europeana izao, dia manana mpikambana eo amin'ny 100 tapitrisa eo ho eo ao aminy. Mbola tsy misy kosa anefa, hatramin'izao, isa mazava momba ny «fikambanana tsotra» maneran-tany.

Eto Madagasikara, ny «fikambanana tsotra» dia «fivondronan'olona tsy miankina sy maha-leotena, izay mihevitra ny hanao asa mahasoa ny fiaraha-monina, ka ny ankabetsahany, dia asa famonjena sy fanampiana eo amin'ny lafiny maha-olona ny tsirairay.»

Eo anivon'ireny «fikambanana tsotra» ireny, dia efa misy sata fototra tsy maintsy hajaina, indrindra momba ny fandoavana ara-dalàna, amin'ny fotoana mahamety azy, ny latsakemboka izay ilain'ny fikambanana, mba hahafahany mivelona ara-bola amin'ny tokony ho izy. Matetika dia misy komity manokana izay misahana ny fandaharan'asa sy ny fanaraha-maso izay zavatra atao. Izany anefa dia tsy midika velively hoe io komity manokana io ihany no hany tompon'andraikitra amin'ny asa ao amin'ilay fikambanana ; fa samy raisina ho olon-dehibe matotra, mahalala ny adidy aman'andraikiny avokoa ny mpikambana rehetra.

Eto Madagasikara dia maro ny «fikambanana tsotra », saingy mbola tsy fantatra marina izay tena isany, sady tsy mitsaha-mitombo isan-taona rahateo ny isan'ny fikambanana vaovao mit-sangana eto izao. Fikambanana an'isan'ny lehibe sy manana ny lanjany eto Madagasikara ohatra ny SeFaFi (Sehatra Fanaraha-maso ny Fiainam-pirenena – Observatoire de la Vie

Publique) sy ny KMF/CNOE (Komity Mpanara-maso ny Fifidianana eto Madagasikara - Comité National de l'Observation des Elections). Ity farany dia mitondra ny anarana «Komity», fa ny sata fototra mifehy azy dia satan'ny «fikambanana tsotra », ary izany no entiny hamaritana ny tenany ho rafitra maharitra, tsy miankina amina-finoana na fivavahana, na antoko politika ihany koa. Ny tanjona tena imasoany indrindra moa dia ny fitaizana ny Malagasy tsirairay ho olom-pirenena, ka miantomboaka izany amin'ny fanaraha-maso ny fizotry ny fidifidianana ary mitohy hatrany amin'ny fampahatsiarovana ny Malagasy tsirairay ny adidiny amin'ny maha-olom-pirenena azy.

Ankoatra ny mampiavaka ny KMF/CNOE, dia mbola misy koa toetra hafa mampiavaka ny fikambanana sasany, dia ny momba ny mpikambana ao anatin'ny izany : voamarika fa misy maromaro ihany ny «fikambanana tsotra» izay mijoro eto Madagasikara, kanefa dia tsy misy teratany malagasy izy ireo (ohatra, ny AKAMA – «Association des Karana à Madagascar» izay Fikambanan'ny Karana eto Madagasikara ») ; misy kosa fikambanana malagasy, kanefa dia monina any ivelany daholo ny mpikambana, toy ny «Fikambanana Dijon-Madagasikara ». Na dia izany aza, ny ankamaroan'izy ireo dia manao asa soa izay, mazàna, miompana amin'ny fanampiana teratany malagasy ihany.

«Fikambanana tsotra» maro eto Madagasikara no mampifangitra ny antom-pisiany amin'ny fihavanana: ohatra amin'izany ny fikambanam-pianakaviana, ny fikambanan'ny mpiray foko, ny mpiray faritany na faritra sns.

Amin'ny maha-firaisamonim-pirenena azy ireo, ny anjaran'ny «fikambanana tsotra» izany dia ny manampy ny olona mahantana na sahirana na latsaka an-katerena, ary manampy azy eo amin'ny fanatsarana ny fianany andavanandro; ireo voalaza farany ireo rahateo moa no azo lazaina ho laharam-pahamehana eo amin'ny tena andraikirity ny firaisamonim-pirenena. Raha tsorina, dia azo lazaina fa ny teny hoe «fanampiana» no teny fototra azo andravonana ny adidy sy andraikirity ny «fikambanana tsotra ».

Noho izany dia misampantsampana mihazo sehatra maro karazana ireo asa ireo, dia ny fahasalamana izany, ny fikarakarana ny fandefasana ny ankizy hianatra, ny tontolon'ny fanebeazana ary ny fampandrosoana, raha tsy hiresaka hafa-tsy ireo. Ny asa atao izay mifanara-ka amin'ny fandaharana moa dia efa voalaza teo ihany fa asa an-tsitrano : fandrindranana atrikasa mba ho fanetsiketsehana ny olona tokony hiantefan'ny asa atao, ary fandrindranana hetsika hafa isan-karazany, indrindra koa, fitadiavana loharanom-bola hiasana («levée de fonds »).

Ny sendikà, izay endrim-pikambanana tena manokana ao amin'ny firaisamonim-pirenena sady koa manana toerana sy lanja manokana ao anatin'ny firaisamonim-pirenena sy eo anivon'ny fiaraha-monina, dia nanokanan'ny FES kiboky iray manokana, izay miaraka notontosaina sy navoaka amin'ity kiboky ity.

6. Sehatrasa sy fitaovana entin'ny fiaraisamonim-pirenena miasa

Ny fikambanana ao anatin'ny fiaraisamonim-pirenena amin'ny ankabobeny, ary ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana», indrindra indrindra, dia afaka misafidy fomba maro samihafa, entiny hiasa.

Miankina amin'ny vistoatin-kevitra sy sehatra hiandraiketany izany. Mety ho asa tsotsotra anaty klioba no ho endriky ny asa atao, ary fanatrarana tanjona iombonana no hampihetsika, amin'izany ; anefa koa, mety ho asa sarotsarotra kokoa, toy ny fiaovalana ny tombontsoan'ny mpiasa eo amin'ny tontolon'ny politika sy ny orinasa, amin'ny alalan'ny sendikà.

Ato amin'ity toko ity ihany koa no hiresahantsika manokana ny momba ny asan'ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» («ONGs »), satria izy ireo, araka ny efa hitantsika teo aloha, dia manana anjara manokana eo anivon'ny fiavalana-monina, eo amin'ny asa fam-pandoroana. Rehefa tena zohina, ny sehatra iasan'ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» dia azo antsoina hoe asa fisoloana vava ny olona mahantara, sahirana na latsaka an-katerena („Plaidoirie»).

Vao avy nianaranao teo izao fa ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» dia mis-olotena sokajin'olona, izay tsy mba manana fahafahana haneho sy hiaro ny tombontsoany. Izany no mahatonga ny hoe, tsy maintsy jerena amin'ny lafiny maha-solotena sy mpisolovava azy foana izay rehetra asa mety ataon'ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ». Mpisolovava izy, an'ireo izay tsy afaka miteny eo amin'ny fiavalana-monina, ary tsy misy mpihaino, manoloana ny tontolon'ny politika sy ny fiaovalana-piseraserana. Mampiasa fiaovalana isan-karazany ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana», eo amin'ny fanatan-terehana izany asa fisoloana vava izany, ary miditra sehatra maro karazana.

Ny asa mafonja indrindra sahaniny dia ny atao hoe „Campaigning», ny fanehoana ny maha-manam-pahaizana manokana azy amin'izay sehatra ilaina, ary ao koa ny atao hoe «Lobbying».

Ny atao hoe „Campaigning» dia ny fandrindrana sy fandaminana ny asa fampahalalana vao-vao sy izay zavatra tsara ho fantatra, momba ny vistoatin-kevitra, na sehatra, na hetsika iray. Fandresen-dahatra no tanjona, mba hanaiky hanova fietsika ny mpiasa sy tompon'andraikitra eny amin'ny ambaratongam-pahefam-panjakana rehetra, ny mpiasa sy tompon'andraikitra eny amin'ny sehatra tsy miankina, ary ny fiavalana-monina amin'ny ankabobeny. Matetika dia asa fampitana ny toe-javatra misy sy izay tsara ho fantatra manoloana ny olana manokana resahina no tena asa atao amin'izany. Mety hisy koa hetsika manokana azo tsapain-tanana na ahitana vokany mivaingana.

Fantatsika tsara ilay fikambanana mpiarao ny tontolo iainana ary efa za-draharaha eo amin'ny fanehoana mazava, sady tonga dia miantraika, izay toe-javatra tiany toherina : ny fikambanana 'Greenpeace' izany ; tena hainy tsara, ohatra, ny nisintona ny fihetseham-po sy ny sain'ny vahoaka, tamin'ilay hetsika voarindra tsara teo imason'ny mpanao gazety sy mpiseraser, mba hahafantaran'ny rehetra mazava tsara ny zavamiseho teny amin'ny fitehirizan-tsolitany Brent Spar, izay efa tsy niasa intsony.

Ny fitaovana hafa, indrindra fa ny fahaiza-manao manokana («expertise ») sy ny «lobbying », dia tena mifandray tanteraka, satria ilaina mihitsy, amin'io, ny mitondra ny fahaizana manokana sy talentan'ny tena mpiangaly azy, izay tsy maintsy arindra hanana fiantraikany manova zavatra tokoa any amin'ny sehatra sy fizotran'ny fandraisana fanapahan-kevitra politika.

Izany karazan'asa izany dia hita sy ilaina any amin'ny fiandraiketana raharaha toy ny fanomezana tolo-kevitra ho an'ny mpanao politika : olona na vondrona mahefa izay manam-pahaizana manokana, efa za-draharaha noho ny traikerafa ananany, no manao izany asa izany, amin'ny fomba firesahana manokana, na karazana hetsika hafa koa. Indro ohatra iray mampiseho izany karazana fahaizana eo amin'ny fandaminan-dresaka politika izany: raha ny governemanta federaly, ohatra, no manontany ny hevitra sy soso-kevitry ny Filankevitra ara-toekarena, momba ny lalàna mikasika ny toekarena, ka misy fikambanan'orinasa, na sendikà, na «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana», na «fikambanana tsotra» hafa, na koa orinasa goavambe, izay miezaka maneho ny heviny ka manova amin'ny fomba firesahana tena raitra ny fizotry ny fanaovan-dalàna, dia ny fitambaran'izany hetsika arahina fihetsika rehetra izany no atao hoe «lobbying ».

Brent Spar dia fitehirizana solitany eny an-dranomasina, any amin'ny Ranomasina Avaratr'i Europa ; ireo orinasa goavambe Shell sy Esso no tompony. Ny nahatonga an'izao tontolo izao nahafantatra ny momba an'ity fitehirizana solitany efa tsy niasa

intsony ity, dia noho ny asan'ny fikambanana mpiarao ny tontolo iainana atao hoe »Greenpeace»: nitokona tsy nety niala feo Brent Spar ny mpikambana sasany, tamin'ny faha-30 Aprily 1995, andro izay voatondron'li Shell sy Esso handrendrehana azy any anaty ranomasina, satria hoe tsy ilaina intsony. Nanahy ry zareo tao amin'i

Greenpeace fa mety ho lasa ohatra ratsy hohararaotin'ny mpitrandraka solitany, handrendrehana tahirin-tsolitany an-jatony izay efa tsy miasa intsony any amin'ny Ranomasina Avaratr'i Europa sy ny Ranomasina Baltika rehetra iny i Brent Spar, raha tsy misy mihetsika ny olon-tsotra, hanohitra izany : koa dia ho lozabe mitatao ho an'ny tontolo ianana izany hanjo ny Ranomasina Avaratr'i Europa sy ny Ranomasina Baltika izany.

7. Ny Firaismamonim-pirenena eo anivon'ny demokrasia sy ny «governansa mahomby»

Ny teny hoe «firaismamonim-pirenena» dia, mazàna, ampiasaina eo amin'ny sehatry ny demokrasia, ary hatramin'ny taona vitsivitsy izao, dia ampifandraisina indrindra izy io amin'ny voambolana hoe «governansa mahomby». Fa inona moa no tena ifandraisian'ireo teny ireo, ary amin'ny fomba ahoana no isehoan'izany fifamatorana izany?

Horaisintsika aloha ny voambolana hoe «governansa mahomby», mba hamaliana ny fanontaniana. Raha ny marina, dia azo lazaina ho misy toe-javatra mitovy ihany, ohatra ny tamin'ny nireshahantsika ny momba ny «firaismamonim-pirenena»: efa henonao indray mandeha angamba, na im-betsaka aza, ilay voambolana, saingy tsy dia tena fantatrao mazava loatra ny tena dikany. Andeha àry ho zahana akaiky kokoa izany:

Ilay Sekretera jeneralin'ny Firenena mikambana teo aloha, Kofi Annan, dia nilaza, tamin'ny taona 1998 hoe: «Good Governance is perhaps the most important factor in eradicating poverty and promoting development⁴. Toa maro no mitovy hevitra aminy, amin'izany. Azo tsapain-tanana tokoa izany, satria hita fa miha-mitana toerana mavesa-danja tokoa «governansa mahomby», eo amin'ny sehatry ny fifanampiana iraisam-pirenena ho amin'ny fampandrosoana.

Ny nipoiran'ny voambolana hoe «governansa» (gouvernance) dia avy amin'ny teny grika tany aloha tany hoe «kybernân», sy ny teny latina hoe «gubernare» ; ireo teny roa ireo dia samy azo adika amin'ny teny alemà hoe «steuern» (gouverner), raisina amin'ilay dikany hoe «mitondra sambo» («gouverner un bateau»). Amin'ny teny alemà, dia ilay dikany hoe «fitondrana na fitantanana fanjakana» («conduite d'un gouvernement») kosa indray no nanjary tena fantatry ny sarambabem-bahoaka, na dia ampiasaina matetika koa aza ny voambolana amin'ny teny anglisy hoe «governance»). Ny mahatonga izany, dia satria amin'ilay tena voambolana alemà, dia mety ho hafa kokoa ny dikany ahafantaran'ny olona azy: ny teny hoe «Governance», mantsy, dia tsy midika fotsiny ho fitantanana'ny fitondram-panjakana iray, fa azo ampiasaina ihany koa izy, hilazana ny fandraisana anjaran'ny mpiara-miombon'antoka hafa, eo amin'ny fitadiavany vahaolana momba ny olana sedrain'ny fiaraha-monina; tsy iza akory izany mpiara-miombon'antoka amin'ny fanjakana izany, fa ny sehatra tsy miankin'ny toekarena sy ny firaismamonim-pirenena. Raha tena zohina izany, dia fandrindrana sy fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra telo no hita eto: ny sehatry ny fanjakana, ny sehatra tsy miankina, ary farany, ny sehatry ny firaismamonim-pirenena. Ireo sehatra telo ireo dia tena miara-miasa, mba hahatomombana an-tsakany sy an-davany ny raharaha'ny fanjakana, ny faritra mizakatena na ny faritra. Ary dinihina miaraka eo anivona-«governance» ny fomba fitondrana azy.

Lazaina ho «tsara tantana» ny fitantanana na fitondran-draharaham-panjakana, rehefa voaraoha, ao anatin'ny fandrahahana politika, ny fepetra sasantsasany izay apetraky ny Banky iraisam-pirenena sy ny Vondrona iraisam-pirenena momba ny vola, ary ny Fikambanana fifanampiana momba ny fampandrosoana ara-toekarena, sy ny fikambanana hafa ihany koa.

⁴«Ny «governansa mahomby» angamba no fitaovana tena ilaina indrindra eo amin'ny ady amin'ny fahantrana sy ny famporisihana ho amin'ny fampandrosoana».

Ireto avy izany fepetra fototra izany :

- Ny adidy amin'ny fampahalalana ny zava-misy amin'ny vahoaka
- Ny mangarahara
- Ny fahatrarana ny tanjona sy ny fahaiza-mitsitsy
- Ny finiavana sy fahaizana mihaino
- Ny toetsaina mitodika amin'ny hoavy
- Ny Fanjakana tan-dalàna, ny fisian'ny rafitra fampiharan-dalàna mahefa sy maha-leo-tena
- Ny demokrasia
- Rafitra fanapahan-kevitra itsinjaram-pahefana sady ampandraisana anjara ny vahoaka
- Ny ady amin'ny kolikoly
- Ny fahamarinana
- Ny finiavana handray andraikitra

Lazaina koa fa ny fitondrana «ratsy tantana» no mazàna rangory fototry ny afo, ipoiran'ny olana eo amin'ny fiaraha-monina ; fa ny fitondrana tsara tantana izay mandala ny fepetra voatonona teo ireo dia mamboatra ny lâlana hirosoana ho amin'ny fivoarana ara-toekarena sy ny fampandrosoana tena manjary.

Raha mamerina mamaky ny lisitr'ireo fepetra ireo ianao, dia ho hitanao fa ny demokrasia koa dia isan'ny fanalahidin'ny «governansa mahomby». Kanefa koa dia azo lazaina fa ny demokrasia sy ny fepetra hafa rehetra efa voatanisa teo, dia tsy azo atao hoe fitaovana fotsiny ihany : tena azo isaina ho tanjona tokony hotratrarina izy tsirairay avy ireo, amin'ny alalan'ny «governansa mahomby». Eto indrindra koa no miditra an-tsehatra ny firaismonim-pirenena.

Efa hitantsika teo fa tena fitaovana mavesa-danja eo amin'ny «governansa mahomby» ny firaismonim-pirenena. Amin'ny maha-hery sy tanjaky ny fiaraha-monina azy, dia tsy maintsy sady manampy izy, no manara-maso ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina, mba hatongavana tokoa amin'ny tanjona tian-kotratarina.

Fa inona àry moa izany no tena anjara toeran'ny firaismonim-pirenena eo amin'ny firosoana ho amin'ny demokrasia? Ary manao ahoana ny fomba fisehon'ny fifandraisany amin'ny fizorana ho amin'ny fampandrosoana ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny ?

8. Ny anjara asan'ny firaismamonim-pirenena eo amin'ny fizarana mankany amin'ny demokrasia sy ny fampan-drosoana

Tamin'ny taona 1863 no namaritra tamin'ny teny fohy ny atao hoe demokrasia ny filohan'i Etazonia tamin'ny fotoan'androny, dia i Abraham Lincoln izany: «the governance of the people, by the people and for the people⁵.

Araka izany fanambarana izany, dia ny vahoaka, izany hoe, ny olom-pirenena ao amin'ny fanjakana iray, no tena mpanjaka manana ny fahefana; ka noho izany izy dia tsy maintsy ampandraisana anjara feno amin'ny fizotry ny fanapahan-kevitra. Ary mankato tanteraka izany fanambarana izany ny zava-misy ankehitriny, dia ny fiheverana fa manana toerana lehibe tokoa ao anatin'ny demokrasia ny fampandraisana anjara ny vahoaka.

Tamin'ny taona 1860 no
Iasa Filohan'i Etazonian'i
Amerika faha-16 i
Abraham Lincoln ; ary
diembole voalidy ihany
izy tamin'ny taona 1864.
Izy no isan'ny Filohan'i
Etazonia namiratra
indrindra, ary voalohany
nisongadina avy tao
amin'ny antoko repoblikana.

Amin'ny lafiny iray, dia misy tokoa izany, amin'ny alalan'ny solombavambahoaka izay misoltena ny vahoaka ao amin'ny Antenimierampirenena. Na koa ao anatin'ny atao hoe «demokrasia mampandray anjara» (démocratie participative), dia ny olom-pirenena tsirairay no tonga dia maneho ny heviny, tsy misy mpanelanelana. Ity karazana demokrasia farany ity no tena tomombana sady mahefa, ary rehefa manambatra sy mandrindra ny tombontsoany ny olom-pirenena, dia manana anjara toerana tena mafonja amin'izay ny firaismamonim-pirenena. Dia manjary fameno mavesa-danja iray izy, ho an'ny asan'ny solombavambahoaka eny anivon'ny Antenimierampirenena. Mazàna mantsy, dia tsy mba voaheviltra firy ny fanirian'ny olom-pirenena tsirairay ao amin'izany Antenimierampirenena izany.

Fomba fisainana iray izay miorina ao anatin'ny fotokevitry ny rafitra politika marolafy izany («pluralisme politique»), ary singa iray tena fanalahidin'ny demokrasia. Eo anivon'izany rafitra politika marolafy, dia atao izay iaingana amin'ireo tombontsoa sy fotokevitra politika maro isan-karazany, izay misy eo anivon'ny fiaraha-monina.

Tsy raisina ho toe-javatra tsy mahaso, toy ny fomba fijerin'ny rafitra mifototra amin'ny didy jadona, ohatra, izany atao hoe mampiseho endrika maro lafy izany. Tsy izany mihitsy! Ny fanehoana sy fiarovana ary fanatanerahana ireny hetaheta sy tombontsoa ireny dia tena aradrariny, ary tadiavina mihitsy aza, na dia ny hampisehoana fotsiny aza hoe, ilaina sy ankatsirahana ny mihaino koa na dia ny olom-bitsy aza. Ny sokajin'ny vitsy an'isa mantsy dia mety ho voatohina tanteraka, raha ny fomba fanapahan-kevitra amin'ny alalan'ny hamaroan'ny isam-bato ihany no hajaina, fa tsy atao vain-dohan-draharaha ny manarina izany tsy fitoviana lenta izany, amin'ny alalan'ny fampanjakana ny fanehoan-kevitra sy hetaheta ary tombontsoa marolafy.

⁶Ny fitondran'ny vahoaka, avy amin'ny vahoaka, ary ho an'ny vahoaka.»

Ny fanehoana izany hetaheta izany dia iandraiketan'ny antoko politika isan-karazany sy ny sehatra tena iadidiany ; ary misy koa, ankoatr'izay, vondrona sy klioba anatin'ny firaismonim-pirenena, izay miaro tombontsoa manokana sasany, manoloana ny fanjakana. Izany no ilazana ny firaismonim-pirenena hoe «Moteran'ny Demokrasia» ary itiavan'ny vahoaka azy indrindra ; izy koa anefa, dia sady angovo no vato fehizoron'ny demokrasia.

Ny demokrasia mantsy tsy dia hoe mandeha ho azy satria hoe voizin'ny vondrona sy fomba fanao zary mahazatra eo amin'ny tontolo politika, toy ny lamasinina mihodina ho azy: Ny olombelona ao dia tsy maintsy miaina izany demokrasia izany. Tsy maintsy mandray anjara izy, eo amin'ny fanamafisana orina ny tombontsoany.

Ny andraikitra voalohany indrindra tanterahiny amin'izany dia ny fidirany ho mpikambana miasa ao amin'ny vondron'ny firaismonim-pirenena. Marina fa ilaina ny fanjakana, hiaro ny zon'ny olom-pirenena; kanefa sady tsy afaka izy, no tsy tokony rahateo koa, hiadidy ny andraikitra rehetra ka hanjaka amin'ny sehatrasa rehetra. Noho izany, ny hoe mampitombo lanja ny demokrasia dia tsy hoe mampitombo lanja ny fanjakana tsy akory, fa mampitombo kosa ny fifampizaran-draharaha eo amin'ny fanjakana sy ny fiaraha-monina ary ny olom-pirenena tsirairay.

Araka izany, ny firaismonim-pirenena dia manana anjara asa mikatsaka ny fifandanjan-kery manoloana ny fanjakana sy ny sehatra ara-toekarena. Eo amin'ny fanatanterahana izany anjara asa izany, dia tsy maintsy voahaja tanteraka ny fepetra fototra toy ny tsy fifampiandiana sy ny fahaleovantena. Vondrona mahaleotena ary tsy miandany amin'ny fanjakana sy ny sehatra ara-toekarena no hany afaka mandinika sy mandanjalanja ny fihetsik'ireto farany, amin'ny saina mifantoka amin'ny zava-misy fa tsy voarohirohin'ny fijery mitanila. Izay no ahafahany manana fomba fijery tena mahaleotena, ary mitsinjo ny fivoaran'ny rehetra amin'ny ankapobeny, ka manohana na mitsipaka fanapanhan-kevitra iray.

Araka izany, ny firaismonim-prenena dia manana anjara asa tena mafonja eo amin'ny fam-pandrosoana firenena iray. Raha tena tomombana ny asany, dia tena afaka mitondra hevitra vaovao sy fomba fijery vaovao koa izy, eo amin'ny famaritana ny fomba tokony hametrahana ny olana; dia afaka hizotra lalandava toy izany ny fomba fiasany: na tena mahaleotena izy, na indraindray mila fanampiana ihany avy amin'ny fanjakana.

9. Ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara

Hatreto aloha, dia fahalalana ambangovangony ihany momba ny firaismonim-pirenena sy ny anjara asany no natolotra anao teto. Manomboka eto indray isika, dia hifantoka manokana amin'ny firaisa-monim-pirenena eto Madagasikara. Manao ahoana ny firaismonim-pirenena eto amin'ity nosintsika ity? Manao ahoana ny tena fipetraky ny olana eto amintsika ? Ary inona ny fanamby entin'ny hoavy?

9.1. Ny teo-java-misy iainan'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara

Andeha hatombontsika izany, amin'ny fampahafantarana tsotsotra momba ny firaismonim-pirenena sy ny fandrindrany ny asany eto Madagasikara. Na dia mbola tsy misy antontan'isa mazava aza, mikasika ny isan'ny vondrona ao amin'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara, noho ny fiovaovan-drafitra matetika loatra sy ny tsy fahampian'ny vaovao ifotony, dia azo lazaina ihany fa manakaiky ny 3000 ny isan'ny» fikambanana malagasy tsy miankina amin'ny fanjakana ». Dia avy eo, manampy izany ireo vondrona vazaha maro izay manampy ny vondrona ifotony, amin'ny alalan'ny solotenany manerana ny Nosy. Ny ankamaroan'ny» fikambanana malagasy tsy miankina amin'ny fanjakana» dia eny anivon'ny faritany sy ny vondrona ifotony no tena miasa, ary eo amin'ny sehatry ny programa sy tetikasa efa voafaritra mazava tsara. Ampahany kely ihany amin'ireny» fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» ireny, izany hoe, dimy hatramin'ny folo eo ho eo, no tena miasa eo anivon'ny firenena manontolo: ny KMF/CNOE sy ny FTM-CPM (Firaisan-kinan'ny Tantsaha eto Madagasikara - Coalition Paysanne de Madagascar), ohatra, dia samy manana vondrona foibe, sy vondrom-paritra ary vondrona ifotony, izay mifandray. Matetika, dia mpiara-miasa vitsivitsy ihany ao anatin'ny fikambanana no mandray tambiny amin'ny asa ataony, fa ny ankamaroan'ny mpikambana dia manao asa an-tsitrano.

Amin'izao fotoana izao, ny ankamaroan'ny votoatin-kevitra sy olana iantsorohan'ny» fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana », dia mikasika indrindra ny olana momba ny tontolo iainana. Ary karakarainy toy ny tanjona manokana mihitsy izany. Ny zava-manahirana voalohany dia ny momba ny fanabeazana ho amin'ny fifandraisana matotra sy mahay mitsitsy ny natiora sy ny tahiry voajanahary. Misy sehatra hafa koa izay voakarakara manokana, dia ny famatsiana rano fisotro mahampy ny rehetra sy ny fisorohana ny olana ara-pahasalama ary ny fisorohana ny aretina sida.» Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» vitsivitsy ihany no misahana ny fampiroboroboana ny fizoran'i Madagasikara mankany amin'ny demokrasia.

Ho fitsinjovana ny fiheverena ny fiaraha-miasan'ireo vondrona rehetra ireo, dia ilaina ny mahalala fa miara-miasa tokoa izy ireo, eo amin'ny sehatry ny tetikasa sasantsasany tsirairay. Mahalana kosa no ahitana asa iraisana tena maharitra. Izany angamba no mahatonga ny vondron'ny firaismonim-pirenena tsy hanana toerana mavesa-danja. Horesahintsika amin'ny antsipirihany ihany koa ato amin'ity kiboky ity ireo antony hafa mahatonga izany fahalemena izany.

Mba hanamarinany ny antom-pisiany, dia matetika avoitran'ny vondron'ny firaismonim-pirenena malagasy ny Lalàmporenren'i Madagasikara, izay mandrindra ny fahalalahana hiara-hivory sy ny fahalalahana haneho ny hevitra.

Rehefa vita izay fanazavana tsotsotra mikasika ny rafitry ny vondrona ao anatin'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara izay, dia horesahintsika kosa indray ny olana sy ny endrika mampiavaka azy ireo. Mety hahavita tokoa ny anjara asany eo amin'ny firosoana ho amin'ny demokrasia sy ny fampandrosoana ny firenena ve ny vondron'ny firaismonim-pirenena, araka ny asa aman'andraikitra voatanisa tetsy ambony? Inona avy ireo sehon-javatra izay manembatsembana ny ezaka ataony amin'izany, ary angamba koa, mampikatso ny fanatrarana ny tanjona napetrany?

9.2. Ny olana sedrain'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara

Araka ny efa nohazavaina tetsy aloha, dia malemy ny vondron'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara, raha ny fiainana eo amin'ny sehatry ny fiara-monina sy ny politika andavanandro no resahina. Tsikaritra tokoa mantsy fa ny» fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» mazàna dia teratany vahiny : manam-pahaizan'ny vondrona europeana, na amerikana na avy amina firenena tandrefana hafa) no angatahana toro-hevitra, rehefa ilaina ny mitady vahaolana vaovao, na koa, amin'ny ankabobeny, rehefa ilaina ny mampiasa fahaizana manokana. Ny firaismonim-pirenena malagasy kosa dia tsikaritra fa toa mbola tsy manana ny fahefana sahaza hampisehoana sy hanamarinana ny fandraisany andraikitra mahefa, raha mihoatra amin'ireo fikambanana sy rafitra vahiny.

Toa mbola tsy mahavita mametraka vahaolana matotra sy mitondra ny anjara birikiny eo amin'ny fitadiavana ny lâlan-kizorana ho amin'ny fampandrosoana ny fireneny ny vondrona malagasy. Toa mbola tsy atokisan'ny olona loatra izy ireo, na dia hita aza, tsindraindry, fa mahafehy ny fahalalana ilaina momba ny fireneny izy, raha oharina amin'ireo manam-pahaizana avy any ivelany. Inona àry no mahatonga izany tsy fahatokisan-tena sy tsy fahatokisan'ny olona, ary fahalemen'ny vondrona malagasy izany?

Raha hiresaka izany, dia, voalohany aloha, tsy azo hodian-tsye hita ary tsy maintsy kianina ny tsy fahasahian'ny vondrona maro ao amin'ny firaismonim-pirenena hitonon-tena ka hanohana mazava ny fotokevitra ijoroany, fa toa tsy manam-pahendrena,» manora-tena» na» misolantsolana» izany, na koa» mitompo teny ho fantatra ».

Araka ny efa voalazantsika tetsy aloha, raha ny tokony ho izy, dia manana andraikitra tokony hahavita hifandanja tsara amin'ny fahefan'ny fanjakana ny firaismonim-pirenena, amin'ny maha-mpiara-miombon'antoka azy, izay sady tsy miandany amin'ny fanjakana no tena mahaleotena.

Amin'ny maha-hery fifandanjana azy, dia mitsara sy manakiana ny fihetsika sy ny fanapanhan-kevitra politika ankabopen'ny fitondram-panjakana ny firaismonim-pirenena, ary farany, dia maneho ny fomba fijeriny sy ny vahaolana manokana manoloana ny zava-misy izy. Eto Madagasikara, dia mbola tsy azon'ny olona tsara izany andraikitra tokony hotanana izany, koa dia tsy tomombana tokoa ny asa tokony hefaina amin'izany.

Matetika dia hita fa na dia misy fanapanhan-kevitra politika avoakan'ny governemanta aza, dia tsy misy fanehoan-kevitra mitranga (na tsikera, na hevitra fotsiny ihany aza), eny, fa na dia avy amin'ny vondrona ao amin'ny firaismonim-pirenena izay misahana ny sehatra voakasik'izany aza.

Noho izany toe-javatra izany, dia tsy misy hery azo ampifandanjana amin'ny fahefan'ny fanjakana. Ankoatra izany, dia manamafy orina fihetsiky ny sokajin'olona iray hafa koa izany fihetsiky ny firaismonim-pirenena izany, dia ny tsy ahafahan'ny vahoaka manaja sy matoky ny firaismonim-pirenena toy izany.

Manjary tsy manan-danja eo imason'ny vahoaka ny firaismonim-pirenena.

Raha anontanantsika Ramalagasy amin'izao fotoana izao hoe» inona no antsoiny hoe firaismonim-pirenena ?, ary inona no andraikitra hitany ho tokony hiantsorohan'izany firaismonim-pirenena izany, dia azo antoka fa ho maro no tsy hamaly satria misalasala be ihany, na tsy mahalala mihitsy aza. Vitsy tokoa mantsy ireo afaka hamaly tsy diso ny fanontaniana hoe: «Iza marina moa, na koa, inona marina moa, ny firaismonim-pirenena ? Ary inona marina moa no ataony?»

Raha ny momba ny asa sy fandinhina ny tranga politika, indrindra indrindra, dia matetika tsy azon'ny mponina izay anjara asan'ny firaismonim-pirenena ao anatin'izany. Izany tsy fahafataran'ny mponina izany moa dia mazava ho azy fa vokatry ny tsy fahaizan'ny firaismonim-pirenena maneho mazava ny heviny sy ny antony ijoroany, araka ilay voalazantsika tetsy aloha. Satria firaismonim-pirenena izay tsy ahitan'ny fiaraha-monina asa na teny mazava aminy, dia tsy omeny sitraka na fanajana. Anefa izay fankasitrahaha izay no antoky ny fisiany sy ny ahafahany mijoro hatrany.

Raha voarindra tsara mantsy ny asan'ny firaismonim-pirenena, dia ho hita mazava tsara fa avy amin'ny mponina sy ny hetahetam-bahoaka matrika ny fanjakana sy ny sehatry ny toekarena no nipoirany. Kanefa, rehefa tsy hita mivaingana ampahibemaso ny fandraisana andraikitra, izany hoe, sarotra na tsy hain'ny mponina takarina ny tian-kolazaina, dia tsy miy fifampitokisana azo antennaina eo amin'ny roa tonta. Ny firaismonim-pirenena izany dia tsy maintsy miasa mandrafitra tsara kokoa ny fanehoany ny tenany, ary manaiky hiseho an-tsehatra araka izay ilana azy.

Tsy maintsy mahay maneho ny maha-izy azy izy, manoloana ny fanjakana, ary indrindra koa, eny imasom-bahoaka : mamaritra, manamafy ary manazava antsipirihany ny fotokevitra ijoroany. Izay no hany fomba mety hahazoany hery sy fahefana mari-pototra avy amin'ny vahoaka, ka ampy hahatongavany ho hery mifandanja amin'ny fahefam-panjakana.

Na izany na tsy izany mantsy, dia ny fananganana fiaraha-miasa maharitra eo amin'ny vondrona misahana olana mitovy no fomba mahomby hahatongavana amin'izany hery sy fahefana izany. Karazana tambajotra toy izany no hahafhana manatsara kokoa ny fomba fiasan'ny» fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana », mitombo fitia eo imason'ny vahoaka ka mihamatanjaka, rehefa ela ny ela, ary araraotina tokoa ny fisian'ny vondrona fiaraha-miasa hahatratraranana tanjona sy hahazoana vokatra mivaingana eo amin'ny seha-pahamehana voafaritra mazava.

Ny fitsinjarazarana olana iray ho sehatra maromaro ahavitana asa mivaingana dia hanamora ny fipoiran'ny manam-pahaizana manokana amin'izany sehatra rehetra azo tsapain-tànama sady voafaritra mazava izany. Ary ireny manam-pahaizana ireny no olona mora hatonin'ny vahoaka sy ny fanjakana, rehefa mila olona mahafehy trangan-javatra manokana ilana traifefana manokana. Ankoatra izany, dia hita fa ny tambajotra mampivondrona mpiara-miasa vonona hifanohana sy hiray hina hatramin'ny farany, ka mateza fomba fiasa sady miorina tsara : izany no azo atao ankolafin-kery ampy hifandanja amin'ny fanjakana sy ny sehatry ny toekarena –

fa tsy vondrona maro isa sy maro karazana izay samy mandeha irery, mitsitokatokana, tsy mifanatona na mifanampy. Ary araka ny efa voalaza tetsy aloha ihany: mbola maro dia maro ny madilana hotentenana amin'izany tsy fahaiza-miara-miasa izany, eto Madagasikara.

Raha ny momba ny fanapahan-kevitra no resahina, dia misy olana iray ihany koa izay manasaratra ny fampandraisana anjara ny» fikambanana malagasy tsy miankina amin'ny fanjakana », dia ny tsy fanekena izany fomba fiasa izany ao amin'ny fanjakana.

Mbola tsy voahевитра mihitsy izany hoe hangataka torohevitra amin'ny» fikambanana tsy miankina» ny fanjakana, mba hitondra fahaiza-manao sy traikera vaovao hoenti-manatanteraka ny tetikasa vaovao.

Manjary mifanohitra amin'ny lojika izany toe-javatra izany, satria miara-mizotra sady iray lālana ihany matetika ny tombontsoan'izy roa tonta, dia ny fitondram-panjakana sy ny firaismamonim-pirenena izany ; ho tsara kokoa ny fiarovana ireo tombontsoa iraisana ireo, raha mahay miara-miasa ny fitondram-panjakana sy ny firaismamonim-pirenena.

Hatramin'izao anefa, dia mbola raisina ho fahavaloh mpifanandrina lalandava amin'ny fanjakana ny firaismamonim-pirenena, koa dia heveriny ho tsy azo antoka loatra ny hanomezana fitenenana azy. Noho izany, mba hahafahany mandray anjara, na dia kely ihany aza, amin'ny fanapahan-kevitra, dia maro ireo vondrona izay mifidy ny hifanaraka amin'ny fanjakana, ka manorina tambazotra miaraka aminy, toy izay hiara-hiasa amin'ny vondrona izay tokony ho iray vatsy aminy aloha.

Very hatreto ny fahaleovantenany, izay isan'ny toetra mavesa-danja indrindra tokony hananan'ny firaismamonim-pirenena, hany ka tsy dia afaka mitana intsony ny maha-mpiara-miombon'antoka tsy miandany amin'ny fanjakana sady mahaleotena intsony izy. Amin'ny ankapobeny, dia mbola midika fahalemena ihany izany.

Ankoatra ireo olana izay mifandraika amin'ny fahatakarana ny anjara asan'ny firaismamonim-pirenenia sy ny fanatanterahana azy, dia mbola misy olana hafa ihany koa, izay misy fiantraikany lehibe amin'ny asan'ny firaismamonim-pirenena sady manasarotra azy tokoa.

Tsy inona akory izany fa ny momba ny ara-bola. Ankevity ny 90% eo ho eo amin'ny» fikambanana malagasy tsy miankina amin'ny fanjakana» no tsy mba manana kapitaly an'ny tenany («capital propre»).

Tsy mba manana birao izy ireny na fitaovana hoenti-miasa, mainka moa fa vola hanaramana ny mpiasa.

Matetika, dia volan'olon-tsotra no entiny hiasana ary na ny fivoriana fandrindrana asa aza dia any amina toerana ampindramin'olon-tsotra no anaovana izany. Dia vao mainka koa marefo ny fikambanana toy izany.

Tsy afaka haneho ny maha-matihanina azy mantsy ny fikambanana tsy manana adiresy manokana ka tsy atokisan'ny mpira-miombon'antoka aminy, izay mikatsaka fiaraha-miasan'ny samy matihanina.

Ankoatr'izay, ny» fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana» dia tena voafetra eo amin'ny asany sy ny fahafahany mihetsika. Tsy ampy vola sy fitaovana izy, hanatanterahany ny tetikasany. Mandany andro fatratra ny fitadiavam-bola isaky ny handeha hanatanteraka tetikasa iray.

Voakajy ambony taratasy ihany, toy ny voalazan'ny «Fifanarahana i Cotonou», ohatra, ny fisian'ny programa fanampiana ara-bola ny asan'ny» fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ». Saingy eo amin'ny fanatanterahana, dia mahalana foana izany vola izany no tonga tsy misy olana ary amin'ny fotoana tena ilana azy. Noho ny toerana somary mihatakataka misy an'i Madagasikara rahateo, dia sarotra amintsika ny mahita mpiara-miombon'antoka sy mpamatsy vola iraisam-pirenena. Ka eo indrindra no mampitombina ihany ny fiarahana amin'ny fanjakana, satria izay sisa no hany hevitra farany mety hahomby kokoa, hahazoana fanampiana ara-bola amin'ny fomba tsy dia manano-sarotra loatra, indraindry. Fa dia, araka ny voalaza tetsy aloha, midika izany fa tsy maintsy afoy ny fahaleovantena.

Olana iray hafa koa sedrain'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara dia ny firafitry ny lalàna misahana ny firaismonim-pirenena, izay mbola tsy tena vita tanteraka. Sady mahakasika ny fisiany (fijoroany) izany, no mahakasika koa ny asany ary indrindra koa, mahakasika ny zony amin'ny fandininan-draharaha sy ny fanapahan-kevitra. Marina fa, araka ny voalazantsika tetsy aloha, dia efa voasahan'ny Lalàmpanorenana ny fototra iaingana, dia ny fahalalahana hivory sy haneho hevitra izany; saingy mbola tsy misy ny fandikana izany fepetra fototra izany ho lalàna velona. Izany koa angamba no tsy ahasahian'ny vondrona ao amin'ny firaismonim-pirenena loatra manao fanambarana ofisialy momba ny fanapahan-kevitra politika mivoaka, na amin'ny ankabobeny fotsiny akory aza, maneho hevitra eny amin'ny loabary an-dasy.

Matahotra ny voka-dratsy izay mety hateraky ny hevitra na teny avoakany izy ka tsy ankasitrahan'ny sasany. Ny tahotra izany lalàna mety hampiharina aminy izany no olana fanampiny ihany koa, izay mety hametraka sakana ho azy, eo amin'ny fanatanterahana ny asany.

Hitanao tamin'ny ankabobeny teo izao ny olana saro-bahana indrindra tsy maintsy sedrain'ny firaismonim-pirenena. Dia hitanao amin'izay koa ny antony mbola mahaosa sy marefo ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara, ka tsy mbola ahafahany tena manefa ny adidiny an-tsakany sy andavany.

Ny tena antony moa dia ny tsy fahafantarana tsara ny tena ary ny tsy fahaizana mamaritra tsara ny anjara toerana sy anjara asan'ny tena. Dia manampy trotraka koa ny olana ara-bola sy ny eo amin'ny lafiny ara-dalàna. Mba handaminana ireny olana ireny, hitsinjovana ny hoavy ary hananganana firaismonim-pirenena matanjaka sady mahatsapa tena, dia indreto hevitra vitsivitsy hamaritana ny ezaka tokony hatao, hiatrehana ny fanabin'ny hoavy.

Ny Fifanarahana tao
Cotonou dia fifanarahana napetraka ambany fahefana sy fiadian'ny zon'ny firenena tsirairay ovy, ary natao hoan'ny Vondrona europeana sy ny fanjakana'ny firenena AKP (Fikambananan'ny firenena ao Afrika sy Karaioba ary Pasifika). Mametra ny fifanarahana manokana misy eo amin'ny Vondrona europeana sy ireo firenena ireo izy (indrindra eo amin'ny lafin'ny haban-tsaranana). Marihina fa ireo firenena AKP ireo moa matetika, dia zanatan'ireo mpikambana ao amin'ny Ve, teo aloha. Ny Fifanarahana tao Cotonou dia endrika iray isehoan'ny politikan 'ny VE ara-baroltra sy amin'ny fampandrosoana.

9.3. Fanamby hiatrehina ny hoavy

Misy tokoa ny fanamby sy tanjona azo apetraka, hiatrehana ny hoavy. Ary tsy maintsy avy amin'ny fandinihana ny olana rehetra voatanisa teo no iaingana, amin'izany. Ny fampiharana azy dia mety hanatsara ny toerana misy ny firaismonim-pirenena eto amintsika any aloha any.

Ny tanjona voalohany dia ny fampitomboana ny serasera eo amin'ny fitondram-panjakana sy ny firaismonim-pirenena. Izany dia midika fa ny vondrona malagasy dia tsy maintsy hita mihetsika matetitetika, amin'ny fotoana mahamety izany ary ampahibemaso, rehefa misy fanapanahan-kevitra politika mivoaka, ka maneho ny heviny ho ren'ny maro. Tsy maintsy hitan'ny vahoaka eny foana ny fisiany, ampisehoany ny fahaiza-manaony rehefa misahana asa na votoatin-kevitra politika, satria izay ihany no fomba ahafahan'ny fitondram-panjakana sy ny sehatry ny toekarena mankasitraka azy sy ny asany. Tsy tokony hahakivy ny vondrona ao amin'ny firaismonim-pirenena anefa izany, fa vao mainka tokony hatsarainy ny serasera sy ny fifanakalozan-kevitra. Izay no hany fomba hanehoany fa mahay sady efa nivonona ho matihanina izy, ary afaka mifandray sy mifampihaino tsara amin'ny mpiara-miombon'antoka aminy. Ary dia tahaka izay koa moa ny amin'ny fikambanana vahiny tsy miankina amin'ny fanjakana, izay miasa eto amintsika. Ny solotenam-panjakana dia tsy maintsy rese-na lahatra fa mahasoa ny fiaraha-miasa amin'ny firaismonim-pirenena, satria manampy azy eo amin'ny asa sy sehatrasa izay tsy voasahany irery tsinona. Tsy maintsy ataon'ny firaismonim-pirenena ho vain-dohan-draharaha moa, ao anatin'izany, ny mitandro ny tsy fiandiany amin'ny fanjakana sy ny fahaleovantenany. Tsara ny fifanakalozan-kevitra amin'ny fanjakana, kanefa dia tsy azo avadika ho fanarahana an-jambany izay tadiavin'ny ankilany fotsiny izany. Tsy maintsy afototra amin'ny zava-misy ny resaka, mba hitandrovana ny tsy fiandianana amin'ny fanjakana, ka ahafahan'ny firaismonim-pirenena hiasa ho an'ny mponina, hanara-maso sy hiaro ny tombontsoany.

Ny tanjona dia ny mba hananana firaismonim-pirenena izay mahatsapa tena, manoloana ny zavatra azony atao sy manoloana ny adidiny. Mifanatrika amin'ny fanjakana izy, satria mahatsapa fa isan'ny anjara asany sy andraikiny ny ho fitaovana fanehoan-kevitra mazava, izany hoe, miandraikitra ny filazana ny hetahetam-bahoaka, sady sehatra fanaraha-maso ny fanjakana ihany koa.

Mbola misy fanamby hafa ihany koa, dia ny fampidirana ny sasantsasany amin'ireo vondrona ao anatin'ny firaismonim-pirenena malagasy ho mpikambana ao anatin'ny tambazotra iraisam-pirenena na tambajotra eo amin'ny faritra sasany toy ny SADC, ohatra. Kanefa na dia eo amin'ny sehatra nasionaly fotsiny ihany aza, dia ilaina ny mamorona tambajotra lehibe sady maharitra, mba ho firaismonina matanjaka no entina hiatraka ny fanjakana : raha tsy izany mantsy dia tsy manan-danja ampy hahatohitra azy ara-dalàna, rehefa misy ilàna izany. Izany koa no hahafahan'ny fikambanana nasionaly hanangona traikefa avy amin'ny firenen-kafa, hiatrehany ny firosoany ho amin'ny fampandrosoana. Ireny fifampizarana traikefa ireny dia manampy tokoa ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara handranto fahalalana tena ilainy eo amin'ny fampandrosoana ny asan'ny firaismonim-pirenena eo amin'ny taminy. Ankoatr'izay dia manamafy orina ny rafitry ny firaismonim-pirenena tokoa ny famoronana tambajotra maharitra ifanakonan'ny vondrona nasionaly sy ny vondrona iraisam-pirenena. Eny amin'ny seha-pifandraisana avo lenta toy ireny, dia mazàna mahazo lanja eo imason'ny vondrona fifanampiana hafa ny «fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana», ka dia mba ampiany koa. Ary izany dia manjary manamafy hatrany ny toeran'ilay fikambanana. Ankoatra

ny fifanakalozana traikefa sy fahaiza-manao avo lenta toy izany, dia ilaina indrindra ny faha-
zoana lanja manokana eo amin'ny fiaraha-monina, rehefa hiatrika ny fanjakana sy ny seha-
try ny toekarena.

Mba hialana amin'ny tsy fahampian'ny fitaovana, dia tokony horaisina ho fanamby ihany
koa, amin'ny hoavy, ny fanamafisana ny fitadiavana fiaraha-miasa isan-karazany. Azo anto-
ka mantsy fa ilaina ny fiaraha-miasa eny amin'ny sehatra iraisam-pirenena, hahitana
fanampiana ara-bola sy ara-pitaovana, ary indrindra koa eo amin'ny fanoroana firehan-kevi-
tra maro, hanamorana ny asan'ny firaismonim-pirenena sy hanamafisana ny rafitra efa misy
eo aminy. Eo amin'ny lafiny iray, dia tsara raha misy ny fiaraha-miasa amina-« fikambanana
tsy miankina amin'ny fanjakana» avy any ivelany (« ONGs étrangères »), izay itovizana
sehatra iasana na misy votoatin-kevitra iraisana. Amin'ny lafiny hafa ihany koa, dia tsara ny
manana fiaraha-miasa amina vondrona iraisam-pirenena, toy ny Banky iraisam-pirenena na
ny Firenena Mikambana. Ny fiaraha-miasa amina-fikambanana toy ireny mantsy dia fomba
iray ahafahan'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara mampitombo ny hareny sy ny
fahaiza-manaony. Ankoatra izany, dia mampitombo koa ny lanjany eo imason'ny vahoaka sy
ny fitondram-panjakana izany. Izany rehetra izany, rehefa mitambatra, dia afaka hitondra
hetsika mahasoa hampisy sy hampilamina ny fomba fifampiresahana ahitam-bokatra, eo
amin'ny fitondram-panjakana sy ny firaismonim-pirenena.

Farany, dia mbola misy fanamby iray koa, izay azo atao hoe fototr'izay voalaza rehetra teo:
tsy inona akory izany fa ny fampielezana izany fahalalana momba ny firaismonim-pirenena
izany eto Madagasikara, ary ny fampitomboana ny isan'ny olona resy lahatra amin'ny soa
azo avy aminy, eo anivon'ny fiaraha-monina. Araka ny efa nolazaina ombieny ombieny, ny
firaismonim-pirenena dia miantsoroka ny anjara asan'ny mpisolotena sy mpisolovavan'ny
vondrona isan-karazany ao anatin'ny fiaraha-monina, mba hiarovana ny tombontsoany. Ka
mifanohitra amin'ny lojika, raha izany, ny tsy fahafantaran'ireo olona marobe ao amin'ny
vahoaka, izay efa voasolotena ao anatin'ny firaismonim-pirenena rahateo, hoe inona mari-
na moa ny anjara asan'izany firaismonim-pirenena izany, ary inona marina moa ny tanjona
hotratrariny. Matetika dia tsy fantatra mazava ihany koa inona moa ny tombontsoa azon'ny
vahoaka avy amin'ny asan'ny firaismonim-pirenena. Kanefa dia iankinan'ny ain-dehibe
izany fahalalana izany, satria izay ihany no fomba ahafahan'ny vahoaka hitondra ny anjara
birikiny, hampahomby tokoa ny asan'ny firaismonim-pirenena : tsy maintsy mahatsapa tsara
ny lanjan'ireo mpisolotena sy mpisolovava azy ireo ny sarambabem-bahoaka. Ilaina tokoa,
amin'ny hoavy, ny hanaovana asa fanaparitahana izany fahalalana izany, ka tokony hatao
izay hahahenika an'i Madagasikara manontolo. Ilaina indrindra ny hahenoan'ny olom-pire-
nena tsirairay izany fanazavana izany, fa tsy atokana ho an'ny avarapianarana ihany izany. Ity
boky manoloana anao ity angamba dia efa azontsika atao ho dingana iray ho amin'izay!

10. Mbola lavitra ny làlana!

Tody soa aty amin'ny faran'ny famakiana ny bokintsika ianao izao. Misaotra anao naharitra toy izany!!! Antenaina fa dia efa mazava tsara aminao izany ny atao hoe « firaismamonim-pirenena », ny asa aman'andraikitra iantsorohany ary koa ny antony mahatonga azy hanana anjara toerana mafonja toy izany eo amin'ny fizorana mankany amin'ny demokrasia sy ny fampandrosoana. Ampitao amin'ny manodidina anao ny fahalalana vao avy norantovinao teo, ary resaho amin'ny namanao sy ny mpiara-mianatra na mpiara-miasa aminao, na ny ankohonanao, ny momba ny firaismamonim-pirenena. Izany mantsy no anisan'ny fomba ahafahanao sahady mampahafantatra ny lanjany, eo anivon'ny vahoaka!

Fa ankoatry ny fahalalana ny tombontsoa azo avy amin'ny fisian'ny firaismamonim-pirenena izay miasa tsara, dia hainao koa izao ny momba ny olana sy fanamby mbola tsy maintsy sedraina, hitsinjovana ny hoavy. Mbola lavitra ny làlana, raha ny eto Madagasikara no resahina, ka mbola ho elaela ihany angamba vao azo atao ho mahafehy tsara ny anjara asany ny firaismamonim-pirenena, omban'ny adidy sy andraikitra rehetra izay mbola miandry azy amin'izany. Fa ny fotofra azo iaingana kosa anefa dia efa voapetraka tsara hiatrika ny hoavy: efa mihamatanjaka ny rafitra ary efa manomboka mametraka sy mamaritra mazava ny fotokevitra ijoroany eo anivon'ny rindran-damina politika sy sosialy ny fikambanana isankarazany.

Te-handroso amin'izay angamba ianao, eo amin'ny fandraisana andraikitra eo anivona-fikambanana ao anatin'ny firaismamonim-pirenena, ka hanampy azy amin'izany, hahatanteraka ny asany ? Anontantio àry ny manodidina anao, ka fantaro iza ny» fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana », izay miasa eo amin'ny tontolo manodidina, ka akaiky anao indrindra: mila fanampiana mandrakariva izy ireny, ary indrindra indrindra, TENA MILA NY FANAMPIANAO !!!